# HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

**Dr. Yeury Ferreira**




**Mpandrindra ny Tetik'asa:**
Andrés J. Peralta

**Tonia:**
Maria Manderson

**Mpandika teny :**
Elitranslation

**Mpanolo-tsaina:**
Abner De los Santos
Busi Khumalo
Pako Edson Mokgwane

**Teo ambany fanaraha-mason'ny :**
Biblical Research Institute

# Fizahan-takelaka


Momba ny Mpanoratra .......................... 2

Fiarahabana .......................................... 3

Vakio aloha ity ....................................... 4

Torohevitra ho an'ny fitoriana teny (...) ....... 6

**Toriteny 1:** ................................................. **8**
Ny mitia dia **mahafoy**

**Toriteny 2:** ................................................ **14**
Ny mitia dia **maneho fankasitrahana**

**Toriteny 3:** ................................................ **18**
Ny mitia dia **mamela heloka**

**Toriteny 4:** ................................................ **22**
Ny mitia dia **matoky**

**Toriteny 5:** ................................................ **26**
Ny mitia dia **mankatò**

**Toriteny 6:** ................................................ **30**
Ny mitia dia **miankohoka mivavaka**

**Toriteny 7:** ................................................ **36**
Ny mitia dia **mizara**

**Toriteny 8:** ................................................ **40**
Ny mitia dia **mahandry**



Natontan'ny Trano Pirinty Advantista
Soamanandrariny.
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena faha-2 mankany Toamasina, PK 6
Tél: 033 37 107 17; 033 37 110 39
Email: impriad@mea.adventist.mg
Voatolotra ara-dalàna: Lah. 614-D/02.23
Ny natonta: 7550isa




## MOMBA NY MPANORATRA: Dr. Yeury Ferreira

Pasitora voahosotra ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny andro Fahafito i Yeury Ferreira. Manana ny diplaoma Maitrise en Leadership et Théologie ary Doctorat avy tao amin'ny Andrews University izy. Niasa tamin'ny maha-mpitandrina, mpitory ny filazantsara izy, ary ankehitriny dia manompo amin'ny maha-talen'ny Asa Fanompoana ho an'ireo miteny Espanôla ao amin'ny Federasionan'i Greater New York, sy mpampianatra ao amin'ny Andrews University. Mpanoratra boky maro izy ary anisan'izany ny Bokin'ny Taona 2021 ho an'ny Diviziona Amerika avaratra, *Living Without Fear* (Miaina tsy amin-tahotra); ny boky *Preaching the Word* (Mitory ny Teny), tari-dalana ho amin'ny fanomanana toriteny sy ny fitorian-teny, ary ny Mpitory teny sy ny Fitorian-teny". Manambady amim-pahasambarana an'i Mariel Ferreira izy ary manan-janaka roa: Ernesto sy Elizabeth Ferreira.

# FIARAHABANA!

Hampirisihana anao hahafantatra ny Raintsika any an-danitra lalindalina kokoa sy hiaina fiainana izay manome voninahitra an'Andriamanitra no tanjon'ny Herinandro Fiaraha-mivavaka omaninay aty amin'ny foibe maneran-tany. Nomena ny lohateny hoe "Mitia ireo nohadinoina" ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora ary mifantoka amin'ny fanehoana fitiavana sy fahatsiarovana ireo izay tsy hitantsika nandritra ny fotoana ela. I Jesôsy no ohatra amin'ny fitiavana ireo olona rehetra manodidina Azy, eny fa na dia ireo nohadinoin'ny fiarahamonina aza; mety ho nanao tsinontsinona azy ireny koa ny fiangonana. Tena mientanentana mandrakariva izahay mahita ireo tetikasa mahatalanjona ataonareo mandritra ny Andro Maneran-tany ho an'ny tanora ary mivavaka mandrakariva izahay mba hitohy hatrany mihoatra noho io hetsika maneran-tany io ny fitiavanareo manompo.

Amin'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity dia navelanay ny Fanahy Masina hitarika anay hitondra hafatra ho anao izay hanampy anao hahatakatra ny lohahevitra tena manan-danja sy iankinan'ny aina amin'izao fotoana misy antsika izao: Ireo hafatry ny anjely telo. Fantatray fa mety hanahirana sy sarotra izany lohahevitra izany saingy araka izay ho hitanao amin'ny alalan'ireo toriteny fa ny fahatakarana ireo hafatra navela ho antsika ao amin'ny Apôkalipsy no hamela ny fitiavanao an'Andriamanitra hitombo sy hanampy anao hahatakatra ny zava-kendrenao mazava kokoa. Iza no tsy tia lalana mazava? Fantatro fa tia izany tokoa isika rehetra; asehon'Andriamanitra amintsika avokoa ny zavatra rehetra ao amin'ny Teniny ary izany no hatsaran'ny Baiboly.

Koa iangaviana ianao hamaky amim-pitandremana sy amim-bavaka ireo toriteny ireo ary hihazona mandrakariva ao an-tsaina fa ny zava-dehibe kendrentsika dia ny hitia sy hanome voninahitra ny Raintsika ary hizara hoe iza moa Izy amin'ireo manodidina antsika, ary ny hitia ny olona rehetra, indrindra ireo mety ho nohadinoina.



Departemantan'ny Asa Fanompoan'ny Tanora | Foibe Maneran-tany

# VAKIO ALOHA ITY

## Fanomanana ny herinandro fiaraha-mivavaka

1. **Atombohy dieny izao ny fanomananao.** Atombohy ny fanomananao, apetraho ny tanjonao, atsangano ny ekipanao, ary ataovy azo antoka fa ny pasitora dia ao anatin'io ekipa io.

2. **Vaovao momba ny Andro maneran-tany ho an'ny Tanora.** Alaivo ara-potoana ireo vaovao momba ny tetikasa ho an'ny andro maneran-tany ho an'ny tanora. Io andro io koa no hanokafana ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Tsidiho ny rohintsika youth.adventist.org, na mifandraisana amin'ny talen'ny departemantan'ny tanora eo amin'ny saha misy anao mba ahafahanao mahita ny fomba ahazoanao mandray anjara.

3. **Entano ireo miaramilam-bavaka.** Manàna vondron'olon-dehibe vonona ny hivavaka ho anao sy ny asa fanompoanao amin'ny fomba mitohy. Ataovy azo antoka fa azonao izarana am-pitokiana ny zavatra ilan'ny tenanao manokana ny fitondrana am-bavaka sy ny asa fanompoanao izany vondrona izany.

4. **Mifidiana hira faneva.** Ampandraiso anjara ny antoko mpihiran'ny tanora ao amin'ny fiangonanao. Raha tsy manana izany ny fiangonanao, dia fotoana io mba hanombohana manangana tarika iray. Ny hira fanevan'ny tanora «Handeha aho» no horedonintsika. Azonao alaina mivantana aty amin'ny foibe na pejy facebook Jeunesse Adventiste de L'Océan Indien izany.

5. **Manofàna ekipa mpandrindra/mpanao tombana ny herinandro fiaraha-mivavaka.** Miankina amin'ny hangezan'ny fiangonanao, io vondrona io dia tokony ahitana olona efatra ka hatramin'ny valo, mba hamita ireo lohahevitra valo miaraka aminao. Ampidiro ao anatin'io vondrona io ireo tanora vonona sy feno fanoloran-tena ary ireo mpitarika koa (Mpisavalalana, Sekoly sabata (...) sns, ny pasitoranareo). Zava-dehibe izany satria manampy ny rehetra handray an-tanana ilay hetsika, fa tsy ianao sy ny mpanampy anao ihany. Angataho izany vondrona izany mba hivory mandritra ny telo herinandro – herinandro ho an'ny lesona efatra, ary ny herinandro fahatelo mba hipasohana ny zavatra rehetra. Ataovy azo antoka fa voafaritra mazava avokoa ny tanjona sy ny lalana tianao haleha sy hotratrarina. Raha azo atao dia amin'ny fivoriana voalohany no hanaovana izany, ary mifidiana tanora mba handaha-teny isan'andro.

6. **Ampidiro ao anatin'ny fandaminana ny herinandro fiaraha-mivavakao ny andron'ny tanora maneran-tany (Global Youth Day – GYD).** Raha ny tokony ho izy, fotoana tokony hampianarana ny tanora mba hanolotra ny tenany hamaly ny filàna misy ao am-piangonana sy eny amin'ny fiarahamonina ny Andron'ny Tanora Maneran-tany. Raha toa ka mbola vitsy ny tanora ao aminao ka tsy manana ny enti-manana hanatrarana ny fiarahamonina iray manontolo, dia azonao atao ny mampiasa io fotoana io mba handravana ny rindrina ara-pivavahana misy eo amin'ny manodidina amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa sy ny fifampizaran-kevitra sy ny sisa amin'ireo vondron'ny tanora avy amin'ny fiangonana hafa eo amin'ny faritra misy anao.

# AHOANA NY FAMPIASANA ITY BOKY ITY MIARAKA AMIN'NY VONDRONA MADINIKA NA LEHIBE?

1. **Toerana malalaka.** Namboarina manokana mba ahafahanao manampy izay ao an-tsainao ity boky ity. Ampiasao ireo toerana malalaka mba handraisanao ireo fihetseham-ponao momba ny zavatra henonao tao amin'ny toriteny sy ireo fanontaniana any amin'ny farany isan'andro. Azonao ampiasaina koa izany mba hanoratanao antom-bavaka na fiderana an'Andriamanitra. Ampirisiho ny mpandray anjara rehetra mba hampiasa io toerana io amin'ny fomba izay hitiavany azy. Natokana ho azy ireo izany! Ampahafantaro azy ireo fa tsy misy lalàna mifehy izany, fa tari-dalana fotsiny. Ny zava-dehibe dia ny fihainoana an'Andriamanitra ary manokatra ny fo mba hamaly ny fitarihany. Ry Mpitarika, raha mandany fotoana ianao hamakiana ny anjara isan'andro amim-bavaka miaraka amin'ny fanantenana fa hilaza zava-baovao aminao Andriamanitra, dia ho gaga ianao ny amin'izay hiseho avy eo amin'ny peninao ny amin'izay ho voasoratra eo amin'io toerana malalaka io.

2. **Manomboha diarim-bavaka.** Tsy misy zavatra lehibe indrindra ho an'ny fitomboanao ara-panahy mihoatra ny fandanianao fotoana ho an'ny vavaka. Hitombo koa ireo tanoranao rehefa mitombo ianao. Hanampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy mampihetsi-po ny fanananao diarim-bavaka. Afaka ny "hanaraka" ny dianao niaraka tamin'Andriamanitra ianao rehefa mamerina mijery ireo vavaka nahazoanao valiny sy ny fomba nitarihany anao tsikelikely isan'andro. Hisy hevitra vaovao indray ho tonga ao an-tsainao rehefa mandany fotoana eo amin'ny fanatrehany hameno ny diarim-bavakao ianao. Betsaka ny hevitra mety ho azonao jerena amin'ny "internet" mba hanombohanao sy hanohizanao ny diarim-bavakao. Tsidiho fotsiny ny www.google.com dia soraty ny teny hoe "starting a prayer journal". (fanombohana diarim-bavaka)

3. **Fanontaniana sy asa atao isan'andro.** Miaraka amin'ny toriteny tsirairay dia misy fanontaniana, fanambarana, ary asa izay natokana mba hisarihana ny fisainanao. Manomàna tarika madinika ary miadia hevitra momba ireo fanontaniana ary ataovy ireo asa. Makà fotoana handinihana tsara momba ny zavatra izay tian'ny fanontaniana sy ny asa ahatongavana. Mihainoa ny Fanahy Masina rehefa mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Ampirisiho ireo mpanatrika mba hitahiry an-tsoratra ao amin'ny diariny izay zavatra ao an-tsainy.

4. **Ny andro maneran-tany ho an'ny tanora** no natokana mba hanokafana amin'ny fomba ôfisialy ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Ny lohahevitra ho an'ny taona 2022 dia ny hoe "Mitia ireo nohadinoina". Mialoha ny zavatra rehetra, mifandraisa amin'ny pasitoranao na ny talen'ny departemantan'ny tanora eo amin'ny saha misy anao mba ahafahanareo mijery miaraka ny tetikasa azon'ny fiangonanao andraisana anjara amin'io andro io, dia ny 19 Martsa. Raha Mikasa ny hanao hetsika mandritra ny tontolo andro ianao, ny Adventist Development and Relief Agency (ADRA) dia manana tetikasa mahaliana tokoa, In their Shoes (ao amin'ny kirarony) izay azo tanterahina tokoa mandritra ny fotoan'ny tanora ny tolakandro.

Ny raki-tsoratra fampianarana PDF dia azontsika alaina ao amin'ny: *https:// youth.adventist.org/GYD/ItemId/745#bottom*



# Torohevitra ho an'ny Fitoriana teny amin'ny Tanora

*Andres J. Peralta*

Mahafinaritra ny mitory amin'ny tanora. Tsara tarehy, mavitrika, matanjaka ary manan-tsaina izy ireo. Nianatra ny ho tia sy hahatakatra azy ireo aho rehefa nandeha tany amin'ny tany maherin'ny 100, nitory tamin'ny tanora an-tapitrisany, ary niresaka tamin'ny olona an'arivony. Nampianatra ahy zavatra maro koa izy ireo. Misy fanontaniana iray apetrako hatrany amin'ny tanora sy ny mpitarika azy ireo rehefa mandeha aho: "Inona no heverinao fa tokony hosaintsainin'ny olona iray rehefa mitory amin'ny tanora?" Niovaova ny valiny, saingy niavaka ny dimy tamin'izy ireo dia ireto avy izany:

## Ara-Baiboly:

Te hahatsapa ny tanora fa miresaka mivantana aminy Andriamanitra ary misy akony eo amin'izy ireo ny hafatra avy Aminy. Amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no hahatanteraka izany, izay mandaitra sy azo fantarina ary mipaka lalina ao amin'ny fanahy (Hebreo 4:12), izay mampiova fo sy mamonjy (Isaia 55:10-11), manetsika sy mamelona ary manasitrana (Salamo 119 :107; Matio 4:4; 8:5-8). Faly aho mahafantatra fa tian'ny tanora ho ivon'ny fitoriana rehetra ny Tenin'Andriamanitra, satria miantoka ny fiovana tanteraka izany.

## Mifanaraka amin'izay ilainy:

Miresaka zava-manahirana isan'andro sy mamaly ny fanontaniana atrehan'ny tanora ny fitoriana. Ankoatra izany,

tokony homarihina fa miova ny fiteny sy ny teny rehefa mandeha ny fotoana ary tsy maintsy havaozina amin'ny alàlan'ny fitoriana izany. Rehefa nanao ny Toriteny teo an-tendrombohitra i Jesosy dia tonga dia fantatry ny olona fa mifanaraka amin'ny zavatra ilainy izany (Matio 5). Mifandraika amin'ny "zava-dehibe" na "zavatra tena misy dikany" ny hoe mifanaraka amin'izay ilainy ny lohahevitra ary tsy maintsy aseho amin'ny fomba azo ampiharina mba "hahafantaran' ireo" mpihaino fa mahakasika azy ireo izany ary hahitan'izy ireo valiny amin'ny alàlan'ny herin'ny Teny.

## Fanehoana an-tsary:

Ny fampiasana tantara an-tsary, tantara, zavatra hita maso, na hevitra manohana ny Teny no tiana holazaina rehefa miresaka momba ny fitoriana miaraka amin'ny fanehoana an-tsary amin'ny tanora. Manampy amin'ny fanazavana, fanitarana, hamantarana ny mpihaino, hisarika sy hitazonana ny sainy, handresy lahatra ary hamoronana fahalianana ny fitoriana amin'ny alàlan'ny fanehoana an-tsary. Tsy fiafaran-javatra velively ny fanoharana sy ny fanehoana an-tsary fa tetezana mampifandray sy mahatonga ny fitoriana hifanaraka kokoa amin'izay ilaina.

## Hatsikana (humour) eo amin'ny fitoriana:

Rehefa miresaka momba ny hatsikana amin'ny fitoriana amin'ny tanora dia heverina ho toy ny fahaiza-manaon'ny mpitory mba hahatonga ny fitoriana hahafinaritra kokoa sy hampiala voly ny mpihaino. Mety hahomby amin'ny fitazonana ny sain'ny tanora ny fampiasana hatsikana araka ny tokony ho izy sy tompon'andraikitra. Na izany aza, zava-dehibe ny manamarika fa tokony hanohana ny hafatra fa tsy hanelingelina ny hatsikana. Manantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny fo falifaly ho toy ny "fanafody" ho an'ny taolana (Ohabolana 17:22) ny Baiboly.

## Halavan'ny toriteny:

Tsy misy fotoana voafaritra tsara ho an'ny halavan'ny toriteny, fa aleon'ny ankamaroan'ny tanora toriteny fohy, 25 ka hatramin'ny 35 minitra. Mino izy ireo fa mendrika ny fahalianany sy ny fanajany ny Teny, nefa mino koa izy ireo fa manalefaka ny votoatiny ny toriteny lava ary matetika tsy tonga any amin'ny ivon'ny hafatra.

Tena tiako fatratra ny mitory amin'ny tanora. Mino sy matoky ny tanora aho. Heveriko koa fa ho fitaovana mitondra fitahiana ho an'ny maro izany raha toriantsika amin'ny fomba ara-Baiboly, araka izay ilainy ary manao fanehoana an-tsary, misy fotoana mahatsikaiky sy mahasalama ary fohy.

Manantena aho fa ho fitahiana ho anao ireto toriteny nosoratan'i Dr. Yeury Ferreira ireto.

# Ny mitia dia mahafoy

**Toko sy Andininy: 2 Korintiana 8:9**

## FAMPIDIRANA

Efa naheno ny tantaran' ilay mpanjaka sy ilay mahantra ve ianao? Nisy mpanjaka hono raiki-pitia tamin'ny tovovavy mahantra, izay nipetraka tao amin'ny vohitra kely sy nahantra tao amin'ny fanjakany. Mpanjaka tsy tena tsara fanahy no nahafantarana ity mpanjaka ity; fa nalaza ho mpanjaka tsy misalasala manala baraka izay tsy nitovy hevitra taminy izy. Na izany aza, nampivoaka ny lafiny maha-olombelona azy indrindra ny fitiavany an'ity tovovavy mahantra ity.

Indray andro, nieritreritra ny hitory ny fitiavany an'ilay tovovavy mahantra ilay mpanjaka, ka hitondra azy ho any an-dapa, ary hampiakanjo azy amin'ny akanjo tsara tarehy sy firavaka tsara indrindra. Saika azony antoka tanteraka fa ho faly ilay tovovavy ka hanaiky ny fangatahany. Tsisy



antony tokony handavany izany mihitsy? Izy anie no mpanjaka e. Kanefa, raha teo am-panatanterahana ny fikasany izy, dia nanontany tena hoe: "Ho tia ahy ve izy?" Tonga saina izy fa ny fandehanan'ilay tovovavy any an-dapa noho ny fahatsapany izany ho adidy tsy maintsy atao, na ny fitondrana azy an-keriny any an-dapa dia tsy manome antoka velively fa ho tia azy tokoa ilay tovovavy. Avy eo nieritreritra izy fa mety ho tsara kokoa ny mandeha any amin'ilay vohitra kely eo ambony soavaly tsara tarehy, voahodidin'ireo mpiambina ny mpanjaka izay tena mampitolagaga tokoa. Tena ho talanjona tanteraka amin'izany fanehoam-

boninahitra izany ilay tovovavy! Halainy ilay tovovavy avy eo ka hataony ho olon-tiany, ary hataony ho olona mitovy aminy. Nanontany tena indray anefa izy hoe: "Ho tia ahy ve izy?"

Farany, nanao safidy fahatelo ilay mpanjaka. Tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy nanandratra an'ilay zazavavy izy, ary tsy nanery azy ihany koa. Nisafidy ny hidina amin'ny satan'ilay tovovavy izy tamin'ity fotoana ity, ka ny satany no hataony mitovy amin'ny an'ilay tovovavy. Nanao akanjo toy ny an'ny mpangataka izy, nipetraka tamin'ny toerana hafa tanteraka nohon'ny voninahitry ny lapany, ary nandà ny seza fiandrianany mba hahazoana ny fitiavan'ilay tovovavy tiany.

Ry tanora malala, maneho fahamarinana lehibe ity tantara ity: Ny tena fitiavana dia mitondra amin'ny fahafoizana.

# Famelabelarana

Ny apostoly Paoly koa dia mitantara ny tantaran'ny mpanjaka iray izay vonona ny hamoy ny zava-drehetra mba hahazoana indray ny fitiavan'ny vahoakany. Mitantara amin'ny teny vitsivitsy ny tantaram-pitiavana sy fanaovana sorona lehibe indrindra nosoratana hatramin'izay izy ao amin'ny taratasiny faharoa ho an'ny Korintiana (vakio ny 2 Korintiana 8:9): *"Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony."*

Ry sakaiza malala, betsaka ny zavatra azo resahina momba ny tantaram-pitiavana sy fanaovana sorona mahafinaritra izay ahitana an'i Jesosy Kristy Mpanjaka sy Mpamonjy antsika be fitiavana. Saingy, fahamarinana telo anakiroa ihany no horesahintsika amin'ity indray mitoraka ity.

### Fahamarinana 1: Nanan-karena ny Mpanjakantsika.

Nanao ahoana ny harena nananan'Ilay Mpanjakantsika? Isan-taona ny gazety Forbes dia mamoaka ny lisitry ny sasany amin'ireo olona manankarena indrindra eran-tany. Nahita io gazety io tamin'ny 2022 fa raha atambatra dia miisa 2,668 ireo mpanampitrisa (miliaridera) manerantany. Fantatrao ve hoe ohatrinona

ny volan'ireo miliaridera ireo? Nahatratra 12,7 arivo lavitrisa dolara ny haren'izy ireo raha atambatra! Eny, voavakinao tsara izany ...11 ny isan'ny aotra aorian'ny 12.7... $12,700,000,000,000

Iza anefa no olona manankarena indrindra eto an-tany? I Elon Musk, tompon'ny marika fiara Tesla, izay manana harena 219 lavitrisa dolara ve? Ankoatra ny maha mpamorona sy Tale Jeneralin'ny Tesla azy, i Musk koa no mpamorona ny Space X—ilay orinasa misahana ny fitaterana an'habakabaka sy amin'ny sambon-danitra, izay nanokatra ny varavarana ho an'ny fandehanana mankany ivelan'ny tany ho an'ireo izay manana fahafahana hanjifa izany; izy koa no anisan'ny nanampy namorona ny PayPal; ary izy koa no manana petrabola (actionnaire) vaovao manana ampahany betsaka ao amin'ny orinasa Twitter.

Ao anatin'ny lisitry ny olona manankarena indrindra eto an-tany ihany koa i Jeff Bezos, mpamorona ny Amazon, izay mahatratra 171 lavitrisa dolara ny hareny, ary i Warren Buffet, izay heverina ho iray amin'ireo mpampiasa vola lehibe indrindra ao Etazonia — 118 lavitrisa dolara ny hareny. Manonona an'i Bill Gates, mpamorona ny Microsoft ihany koa ny gazety Forbes, izay mahatratra 129 lavitrisa dolara ny harenany. (Nalaina avy tao amin'ny: https://as.com/diarioas/2022/04/06/actualidad/1649240532_037348.html )

Kanefa, na dia manana vola dolara an-davitrisa ao amin'ny fananany aza ireo olona voalaza ireo, dia tsy misy dikany ny hareny raha oharina amin'ny harena ananan'i Jesosy Kristy Mpanjaka sy Tompontsika, izay nataony ho antsika hatramin'ny fiandohan'ny mandrakizay. Ry tanora malala, manan-karena hery sy voninahitra i Jesosy, ilay Mpanjakan'ny lanitra. Mariho izay lazain'i Paoly ao amin'ny Kolosiana 1:16 rehefa niresaka tamin'ny olona masina tany Kolosia izy:

*"Fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany." (MG1865)*

Ny Mpanjakantsika no namorona ny zava-drehetra! Izy no namorona izao rehetra izao sy ny vahindanitra rehetra! Izy no namorona ny masoandro sy ny volana ary ny kintana an-tapitrisany! Izy no namorona ny ranomasina sy ny karazan-trondro rehetra ao aminy! Ny zavatra rehetra hitantsika dia manambara ny hery sy ny voninahitr'Andriamanitra, Mpanjakantsika. Noho izany, dia tsy sasatra mihitsy ny any an-danitra manao hoe: *"Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra."* (MG1865)

Ry tanora malala, i Jesosy, ilay Mpanjakan'ny lanitra, dia efa nanana, manana, ary mbola hanan-karena hery, fahalehibiazana, fahefana ary voninahitra mandrakariva. Tsy tambo isaina ny hareny, ary tsy manam-petra ny fananany!

## Fahamarinana 2: Tonga nahantra ny Mpanjakantsika.

Tsy hoe nanankarena fotsiny anefa ny Mpanjakantsika fa nanjary nahantra. Tamin'ny taona 2017, nanao lisitr'ireo olona 100 mahantra indrindra eran-tany ny Fikambanana tsy miankina Aostraliana Fund for Peace (Petrabola ho an'ny fandriampahalemana), ireo 100 farany mahatra indrindra, ho setrin'ny laharana malaza ataon'ny gazety Forbes isan-taona. Ny laharana voalohany dia ho an'ny mpitsoa-ponenana Sodaney iray antsoina hoe Mary Myaluak, izay reny tokantena ary mipetraka miaraka amin'ny zanany dimy ao amin'ny tobin'ny mpitsoa-ponenana, ary ny hany azony ivelomana dia sakafo ho an'ny tenany sy ireo zanany. Ny faharoa ao amin'ny lisitra dia i Prem Bahadur Lama, Nepaley 45 taona, miasa adiny 10 isan'andro milanja harona feno vato, izay ahazoany $4 isan'andro. Mipetraka ao anaty trano bongo izy miaraka amin'ny vadiny sy ny zanany telo. Ny hany fitaovana misy vidiny ananany dia famantaranandro iray, akanjo ary ny harona hilanjany vato. (Nalaina tao amin'ny https://www.lavanguardia.com/internacional/20170629/423758398310/mary-myaluak-gai-refugiada-sudanesa-pobre-mundo.html)

Mankarary mafy ny foko ny fandrenesana izany fahantrana lalina izany. Saingy fantatrao ve fa i Jesosy Mpanjakantsika dia nahantra noho i Mary Myaluak sy Prem Bahadur Lama? Lasa nahantra nanao ahoana i Jesosy Mpanjakantsika? Azonao vakiana ho anao manokana izany ao amin'ny taratasin'i Paoly ho an'ny Filipiana 2:5-8:

*"Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana..."*

Nanjary nahantra ny Mpanjakantsika! Nafoiny ny fanompoana nataon'ireo tafiky ny lanitra Azy! Nilaozany ny haleloia tany an-danitra ary nidina nankao amin'ny fihinanam-bilona tao Betlehema Izy! Nilaozany ny hery sy ny voninahitra nananany ka nitafy ny akanjon'ny fahantrana! Natakalony hazo fijaliana ny seza fiandrianany!

## Famaranana

Inona no nanosika ny Mpanjakantsika hanao sorona toy izany? Mety ho ny fitiavany antsika ve izany? Eny ry sakaiza. Jesosy, ilay Mpanjakan'ny lanitra, dia nanjary nahantra ho antsika — izany no tena haren'ny fitiavana — manao sorona mba hahasoa ny olona izay tianao. Ary noho ny fahantrany dia lasa manankarena kokoa ny fiainantsika ankehitriny. Amin'izao fotoana izao, manontany anao aho: Ahoana no havalinao ny fitiavana toy izany? Ny valiny tsara indrindra azonao omena dia ny fanolorana ny fiainanao ho sorona feno fitiavana. Tsarovy fa ny tena fitiavana dia mitondra amin'ny fahafoizana. Manoloana ny sorona lehibe nataon'ny mpanjakantsika, izaho sy ianao dia tsy maintsy vonona ny hahafoy ny zava-drehetra, hanao sorona ny zava-drehetra ary hanome izany rehetra izany noho ny fitiavana Azy. Androany, manasa anao aho hanolotra ny fiainanao ho an'ilay

Mpanjakan'ny lanitra izay, noho ny fitiavany antsika, dia tonga nahantra izy na dia nanan-karena aza.

## Fanontaniana hosaintsainina

1. Inona no fahamarinana lehibe asehon'ny tantaran'ilay mpanjaka sy ilay zatovovavy mahantra amintsika?

2. Inona no lazain'ny apostoly Paoly ao amin'ny 2 Korintiana 8:9?

3. Hazavao amin'ny fiteninao manokana hoe hatraiza ny haren'i Jesosy ary nahoana Izy no nanjary lasa nahantra raha toa ka nanana harem-be.

Toriteny Andro faha 2

# Ny mitia dia maneho fankasitrahana

(Lioka 7:36-50)



## Fampidirana

Alao sary an-tsaina hoe mianjera avy eny amin'ny sisin'ny sambo eny an-dranomasina ianao ary, tsy mahay milomano, ka manomboka milentika ho faty an-drano. Misy olona eo amin'ny tokotanin-tsambo mahita anao, mitsambikina ao anaty rano ary manipy lakan'aina ho anao. Nipetraka mivantana eo anoloanao izy io ary, alohan'ny tsy hahatsiarovanao tena, dia nofikirinao ilay vonjy aina sarobidy. Misintona anao hiakatra eo amin'ny tokotanin-tsambo izy ireo, ianao kosa mikohaka mamoaka ny rano avy amin'ny havokavokao. Mitangorona manodidina anao ny olona, faly fa voavonjy ianao ary miandry amim-paharetana ny hiverenan'ny sainao. Rehefa avy nifoka rivotra ianao dia nanokatra ny vavanao ary niteny hoe: "Hitanareo ve ny fomba nisamborako an'io vonjy aina io?! Hitanareo ve ny fomba nihazonako azy?! Voamarikareo ve fa mifariparitra mihitsy ny hozatry ny sandriko ary tena mafy ny hatotanako? Tena henjana mihitsy aho nahavita izany rehetra izany!" (Ity ohatra ity dia nalaina avy tao amin'ny *John Z's Grace in Addiction (Mockingbird, 2012)*, izay mampifanaraka izany amin'ny lahateny nataon'i Rod Rosenbladt). Tsy ilaina ny milaza fa hadalana sy tsy misy dikany izany valinteny izany—ary fihetsika mahazatra mahakivy. Ny manaratsy ny zavatra rehetra niseho dia ny filazanao fa nanampy tamin'ny famonjena anao ny ezaka nataonao. Ny tokony ho tohin'ny zava-niseho dia ny fitadiavanao avy hatrany ilay olona nanipy ilay aro aina tany aminao, ary misaotra azy ireo. Tsy amin'ny endrika ivelambelany fotsiny ihany koa. Hofihininao izy ireo, hanontaniana ny anarany, hasainao hisakafo izy ireo, na hasainao hiara-mipetrapetraka ao amin'ny efitranon-tsambonao!

Fihetsika mandeha ho azy manoloana ny famonjena azo ny fankasitrahana. Tsy mila terena na ampirisihana izany; arakaraka ny fahafantaran' ny tsirairay ny zava-nitranga, no hikorianan'ny fankasitrahana ho azy sy be dia be avy ao am-pony. Tsy mitovy amin'ny fotoana rehetra ny tena endriny marina fa mandeha ho azy izany. (William McDavid, Ethan Richardson, Paul Zahl. *Law & Gospel* **Mockingbird Ministries, 2015, 73.)**

# Famelabelarana

Hifantoka amin'ny fitiavana sy fankasitrahana ity toriteny ity. Manome antsika fahatakarana ny amin'ny fitiavana sy ny tsy fivadihana ary ny fankasitrahana ny apostoly Lioka ao amin'ny Lioka 7:36-50. Betsaka ny antsipiriany momba an'io tantara mahafinaritra io, fa ireo olona tena tafiditra ao anatin'ilay tetik'asa ihany no hifantohantsika.

Araka ny tantara dia nisy lehilahy iray antsoina hoe Simona nanasa an'i Jesosy ho any an-tranony mba hanao fanasana ho fanomezam-boninahitra an'i Jesosy. Iza anefa i Simona ary nahoana izy no te-hanao izay hahafinaritra an'i Jesosy? Fariseo i Simona. Nitandrina mafy ny lalàna sy ny lovantsofina jiosy ary nihevitra ny tenany ho tsara kokoa noho ny olon-kafa rehetra, ary niantso ny tenany ho "miavaka", anisan'ny mpitondra fivavahana ny Fariseo araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana momba ny Baiboly. Tsy nianina tamin'ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra fotsiny izy ireo, fa "nampiany" ny fitsipika sy ny fomba amam-panao nihoatra noho izay nandidian'Andriamanitra. Ohatra, navelan'ny Tompo ny didy fahefatra izay mitaky ny fitandremana ny Sabata ho Sabata fitsaharana (Eksodosy 20:8-11); Tokony ho "fahafinaretana masina" (Isaia 58:13), io didy io kanefa nataon'ny Fariseo ho entamavesatra mila tsy ho zaka.

Fariseo izay nohajaina teo amin'ny fiaraha-monina i Simona, kanefa nahoana izy no nanasa an'i Jesosy ho any an-tranony? Nositranin'ny Tompo tamin'ny aretina mampihoron-koditra habokana izy (Matio 26:6). Nanasa an'i Jesosy ho amin'ny fety lehibe anankiray izao i Simona, nefa inona no nanosika an'io Fariseo io hanao an'io fanasana io? Afaka milaza isika rehefa mandinika amin'ny an-tsipiriany ny fivoaran'ny tantara fa tsy noho ny fahatsapana fankasitrahana no nanosika an'i Simona, fa noho ny fahatsapana adidy, dia ny "andraikitra" hanonitra ny soa natao taminy, nositranin' i Jesosy izy.

Mahita vehivavy iray izay tsy toa an'i Simona isika ary tsy nasaina ho amin'ilay fanasana, rehefa—nahafantatra fa tao an-tranon'ilay Fariseo i Jesosy—dia nanapa-kevitra ny hanatrika izy mba hanolotra fanomezana ho an'ny Tompo. Iza io vehivavy io? Ry zatovolahy sy zatovovavy malala,

misy adihevitra maro momba ny hoe iza moa ity vehivavy ity, saingy ny zavatra iray fantatsika dia ny hoe matetika izy no antsoina hoe “mpanota” (Lioka 7:36-39). Ary tsy tahaka an’i Simona izy, fa tsy nohajaina teo amin’ny fiarahamonina, olona nailikilika.

Misy ny mihevitra fa tsy iza io vehivavy io fa i Maria Magdalena, anabavin’i Lazarosy sy Marta. Nanatona an’i Jesosy niaraka tamin’ny menaka manitra lafo vidy izy, ary “ary nijanona teo ivohony tanilan’ny tongony izy ka nitomany, dia nahakotsa ny tongony tamin’ny ranomasony sy namaoka azy tamin’ny volondohany, dia nanoroka fatratra ny tongony ka nanosotra azy tamin’ny menaka manitra.” (Lioka 7:38). **(***Manamafy aminkery ny teolojiana Maldonado sy Cornelius á Lapide, fa i Maria Magdalena io vehivavy io ary mitovy amin’izay nitranga tany Betania ny fanosorana resahina eto dia arak’izay voalazan’i Matio sy Marka ary Jaona. Mitovy amin’izany koa ny tsoakevitr’i Ellen White, ao amin’ny toko faha-62 amin’ny bokiny Ilay Fitiavana Mandresy)*

Ary nony nahita izany ilay Fariseo nanasa Azy, dia nanao anakampo hoe: “Raha mpaminany Ity, dia ho nahalala io vehivavy manendry Azy io sy ny toeny; fa mpanota io.” (Lioka 7:39).

Namaky ny hevitra tao ampon’ ilay Fariseo ny Tompontsika ka nanao taminy hoe:

*“Ry Simona, manankolazaina aminao Aho. Dia hoy izy: Lazao ary, Mpampianatra ô. Nisy roa lahy nananan’ny mpampanàna vola anankiray trosa: ny iray nananany denaria diman-jato, ary ny iray kosa dimam-polo. Ary raha tsy nanankaloa izy roa lahy, dia samy navelany. Koa iza moa amin’ireo no ho tia azy indrindra? Simona namaly ka nanao hoe: Ataoko fa ilay namoizany be. Dia hoy Izy taminy: Marina ny hevitrao.”* (Lioka 40-43).

Tsy nahazo afa-tsy filàna na fitsaratsarana avy tamin’ny lehilahy ilay vehivavy mpanota. Azo inoana fa nanararaotra na nanameloka azy ny lehilahy rehetra teo amin’ny fiainany, saingy tsy nanao izany i Jesosy. Nihevitra azy ho mihoatra noho ny “ilay vehivavy mpanota” izy. Nahita olombelona izy, zanaka vavy, anabavy, olona nila fitiavana sy fanekena ary famelan-keloka, toy ny olon-drehetra.

Tsy mora ny voailikilika arakolontsaina. Fantatr’i Maria fa azon’i Jesosy atao ny manaisotra ny helony sy ny henatra ananany, manome azy fo vaovao, ary manome azy hoavy. Arakaraka ny nahatsiarovany ny fahotany no nisehoan’i Jesosy misimisy kokoa. Arakaraka ny nitomaniany ny amin’ny fahotany no vao mainka nifaliany tao amin’ny Mpamonjy. Vavolombelon’ny fankasitrahana tsy tapaka ny fiainany satria feno ny fitiavan’i Jesosy ny fony. Ry tanora malala, tsy maintsy manosika antsika ho amin’ny

fankasitrahana ny fitiavana. Iray amin'ny fahalalahan-tanana mihoa-pampana ny tantaran'i Maria, fahalalahan-tanana toa manafintohina. Na ahoana na ahoana, nahatratra azy ny famelan-keloka sy ny fitiavan'i Jesosy ka nahavoa sy nanohina ny fony... izay no tena zava-dehibe. Mampianatra antsika ity tantara ity fa ny hoe mitia dia manome azy ny zava-drehetra! Nandraraka ny tavoara alabastara i Maria ho valin'ny famelana ny fahotany.

Manasa anareo aho anio mba hisaotra an'Andriamanitra noho ny famelan-keloka omeny sy ny fitiavany. Tahaka an'i Maria, izay nanome Azy ny zavatra rehetra. Ento ho Azy ny siny alabastaranao. Tsarovy mandrakariva fa manana hoavy ny mpanota rehetra. Omeo Azy ny tenanao ary ekeo ny famelany. Fitiavana izany.

Andao hiara-hidera an' Andriamanitra miaraka amin'i Davida Mpanao salamo isika (vakio ny Salamo 103:1-5).

*«Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko, ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina! Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko, ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra, Izay manavotra ny ainao tsy ho any an-davaka, Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao, Izay mahavoky soa ny vavanao. Ary ny fahatanoranao mody indray tahaka ny an'ny voromahery.»*

Nambarany niaraka tamin'i Davida izao teny izao:

Miderà an'i Jehovah, ry fanahiko;
Misaora ny anarany masina ny maha-izy ahy rehetra.
Derao ny Tompo, ry fanahiko,
Ary aza adinoina ny tombontsoa nomeny.
Mamela ny helokao rehetra Izy
ary nositraniny ny aretinao rehetra;
Manavotra ny ainao tsy ho ao am-pasana Izy
ary manarona anao amin'ny fitiavana sy ny fangorahana;
Fenoiny zava-tsoa ny fiainanao ary averiny toy ny voromahery ny fahatanoranao. (Salamo 103:1-5).

## Fanontaniana hosaintsainina (Vakio ny Lioka 7:36–50).

1. Inona no atao hoe fankasitrahana ho anao ary ahoana no tokony hikorianan' izany?

2. Inona no azontsika ianarana avy amin'ny filazantsaran'i Lioka 7:36–50) mikasika ny fankasitrahana?

3. Ahoana no fahitan'i Jesosy azy ary inona no niseho taminy rehefa voavela ny fahotany rehetra?

# Ny mitia dia mamela heloka

(Jaona 21:15-17)



## Fampidirana

Mpilalao baseball tamin'ny toeran'ny mpiandry toeram-pamaharana sy ireo faritra ivelany (gardien de base & terrain extérieur) i Bill Buckner, izay nahita fahombiazana lehibe nandritra ny 22 taona tao amin'ny ambaratonga fara tampony (ligues majeures), ary maty tamin'ny 2019 tamin'ny faha-69 taonany. Nitarika ny ligy tamin'ny *doubles* indroa i Buckner, ary tafiditra indroa ihany koa tao amin'ireo folo sangany indrindra (Top 10) amin'ireo toeram-pamaharana norobaina (bases volées). Mbola tompon-daka tamin'ny fitazomana hazo fikapohana baolina (batte) tamin'ny Ligue Nationale ihany koa izy tamin'ny 1980 ary tafiditra tao amin'ny All-Star tamin'ny 1981. Na izany aza, mety tsy misy mpilalao teo amin'ny tantaran'ny MLB izay voafaritra tamin'ny fahadisoana iray ny asany, mihoatra noho i Buckner, na dia eo aza ny fahamendrehany.

Fararano tamin'ny taona 1986tamin'izay,nitarikatamin'ny isa 3-2 ny Red Sox tamin'ny andian-dalao ary nitarika 5-2 ny New York Mets tamin'ny fidirana (inning) fahafolo; kapoka (strike) telo monja sisa no nilain'izy handresena tamin'ny fifaninana Fall Classic, saingy tamin'ny tapany voalohany tamin'ny fidirana (inning) fahafolo tamin'ny lalao fahenina, i Mookie Wilson, izay mpilalaon'ny Mets, dia nanipy (rollout) tany amin'i Buckner teo amin'ny toeram-pamaharana voalohany, izay nitsofoka teo anelanelan'ny tongony ary tonga tany amin'ny saha any ivelany (champ extérieur).

Nahazo isa ny Mets tamin'ny lalao ka nandresy ny lalao fahenina ary avy eo nandresy tamin'ny fifaninanana mba hahazoana ny World Series.

Nitarika azy ho eo an-tampon'ny lisitry ny fahadisoana ara-panatanjahantena ratsy indrindra teo amin'ny tantara ny fahadisoan'i Buckner tamin' io fotoana nanan-danja io. Taorian'ny vanim-potoana nilalaovany aza, dia tsy maintsy niala tao Boston ary nifindra nankany Idaho mihitsy izy noho ny hatezeran'ireo manodidina azy.

Naharitra am-polo taonany ny lolom-po teo amin'i Buckner sy ireo mpankafy ny ekipan'ny Boston, saingy nanomboka niova ny zava-drehetra rehefa nahazo ny World Series ny Red Sox tamin'ny 2004 sy 2007. Naseho tamin'ny 2008 ny herin'ny famelan-keloka, rehefa niverina tany Fenway Park i Buckner mba hanipy ny baolina voalohany tamin'ny lalao fanokafana; Nitsangana ny mpanatrika ary nanome azy tehaka naharitra efa ho roa minitra, izay nampilatsaka ny ranomasony. **(Kevin Mercer**. *"Former MLB player Bill Buckner passes away, now 'in the arms of his Lord and Savior Jesus Christ'"* **Sports Spectrum (28-5-19).)**

# Famelabelarana

Tahaka an'i Bill Buckner, ny apôstôly Petera dia nanao fahadisoana izay azo atao ao anatin'ny lisitry ny fahadisoana ratsy indrindra teo amin'ny tantara. Nandritra ny telo taona sy tapany dia nanaraka akaiky an'i Jesosy i Petera ary nanatrimaso ireo fahagagana lehibe nataon'ny Tompo. Niharan'ny sasany tamin'ireo fahagagana ireo mihitsy aza ny tenany. Voalaza fa tamin'ny fotoana iray, rehefa avy nanandrana nanarato nandritra ny alina izy, nefa tsy nisy vokany, dia nanatona azy ny Tompo ka nanao hoe: *"Mandrosoa ho any amin'ny lalina, dia alatsaho ny haratonareo hahazoana hazandrano."* (Lioka 5: 4, MG1865). Hoy ny tantara hoe: *"Ary rehefa nataony izany, dia nahazo hazandrano be dia be izy, ka efa nisy triatra ny haratony..."* Rehefa nahita io fahagagana mahatalanjona io izy, dia milaza ny Baiboly fa *"niankohoka tamin'ny tongotr'i Jesosy i Petera ka nanao hoe: Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho."*

Tamin'ny fotoana iray hafa, teo amin'io farihin'i Galilia io ihany i Petera niaraka tamin'ny mpianatra hafa, ary nisy tafio-drivotra mafy namely azy ireo ka nandrahona ny handrava ny sambokely, kanefa nanatona ireo mpianatra natahotra teo afovoan'ny tafio-drivotra i Jesosy sady nandeha teny ambony rano. Ary nony nahita ilay olona nandeha teo ambonin'ny rano misamboaravoara ny mpianatra, dia raiki-tahotra sady nihevitra fa matoatoa izany, ka niantsoantso noho ny tahotra. Nampahery azy ireo anefa i Jesosy nanao hoe: *"Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra."* Io no fotoana nilazan'i Petera hoe: *"Tompoko, raha Hianao ihany,*

*dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho."* Niantso azy i Jesosy mba hanatona ary nandeha tamin'ny fomba mahagaga teo ambonin'ny rano manonjan'ny Farihin'i Galilia i Petera.

Nirakitra tantara iray hafa momba an'i Petera sy Jesosy i Matio:

*"Ary hoy Jesosy taminy: Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza?*

*Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.*

*Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra. Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy."* (Matio 16:15-18)

Miara-manaiky isika rehetra fa mpilalao lehibe tao amin'ny ekipan'i Jesosy i Petera, saingy tamin'ny fotoana nanan-danja iray dia nanao fahadisoana lehibe izy. Talohan'ny nanomboana Azy tamin'ny hazo fijaliana, dia niteny tamin'ny mpianany Jesosy nanao hoe, *"Hianareo rehetra dia ho tafintohina noho ny amiko anio alina ..."* Nifampijery izy rehetra taorian'izany fanambarana izany. Nilaza i Petera avy eo hoe, *"Na dia ho tafintohina noho ny aminao aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina mandrakizay.!"* (Matio 26:31, 33).

Imbetsaka i Petera no nanizingizina fa tsy handà ny tompony mihitsy! Kanefa, ora vitsy taty aoriana dia tsy vitan'ny hoe nandà Azy fotsiny izy, fa niozona sy nianiana fa tsy nahafantatra an'i Jesosy. (Vakio ny Matio 26: 70–74).

Eny, nandà ny mpampianatra azy i Petera. Nandà Azy izy raha toa ka tokony niaro Azy. Nandà tamin'ny hakanosana an'Ilay niantso azy sy nanao fahagagana lehibe teo amin'ny fiainany izy. Teo anatrehan'izany fihetsika diso izany, dia torotoro sy menatra i Petera. Ary inona no nitranga taorian'izay araka ny hevitrao?

Araka ny fantatsika, dia nohomboana tamin'ny hazo fijaliana ny Tompontsika. Napetraka tao am-pasana ny fatiny, saingy nitsangana tamin'ny maty Izy tamin'ny andro fahatelo taorian'ny nahafatesany. Nihaona tamin'i Petera indray Izy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, teo amin'ilay toerana nanatrehan'i Petera ilay fanaratoana tamin'ny fomba mahagaga, taona maro lasa izay. Andeha hojerentsika ny resaka nataon'ny Tompo tamin'i Petera:

Vakio ao amin'ny toko faha-21 amin'ny filazantsaran'i Jaona raha te hahafantatra ianao:

*"Ary rehefa nisakafo izy, dia hoy Jesosy tamin'i Simona Petera: Simona, zanak'i Jaona, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho ny fitiavan'ireto?*

*Hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho.*

*Dia hoy Izy taminy: Fahano ary ny ondrikeliko.*

*Hoy indray Izy taminy fanindroany: Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va ianao?*

*Dia hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho.*

*Dia hoy Izy taminy: Andraso ary ny ondriko.*

*Hoy Izy fanintelony: Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va ianao?*

*Dia nalahelo Petera, satria Izy nanao intelo taminy hoe: Moa tia Ahy va ianao? Ka hoy izy taminy: Tompoko, Hianao mahalala ny zavatra rehetra; fantatrao fa tia Anao aho.*

*Hoy Jesosy taminy: Fahano ary ny ondriko."* (Jaona 21:15-17).

# Famaranana

Nanao fahadisoana lehibe izay voarakitra ao amin'ny tantara i Petera, toa an'i Bill Buckner, kanefa nahazo ny fahasoavan'ny famelan-keloka ihany koa izy. Ry zatovolahy sy zatovovavy, mampianatra antsika ny tantaran'i Petera fa ny mitia dia mamela heloka. Mariho fa namela ny helok'i Petera i Jesosy na teo aza ny fahadisoany sy ny fahalavoany. Ary namela azy Izy satria tia azy. Mety ho nanao fahadisoana lehibe koa ianao, nefa io Jesosy izay namela an'i Petera io dia manatsotra ny famelan-keloka ho anao ihany koa.

Etsy andanin'izany, mampianatra antsika hamela heloka tahaka ny nataon'i Jesosy ihany koa io tantara io. Nanehoan'ny Tompo famindramo i Petera na teo aza ny fahadisoany. Toy izany koa, tsy maintsy vonona ny hamela heloka izaho sy ianao. Manasa anao aho androany mba handray ny famelan-keloka, kanefa koa hanome izany. Tadidio mandrakariva fa ny mitia dia mamela heloka.

## Fanontaniana hosaintsainina

1. Inona no mampitovy ny tantaran'i Bill Buckner amin'ny an'i Petera?

2. Inona no azontsika ianarana avy amin'ireo tantara roa ireo?

3. Hazavao amin'ny teninao manokana hoe nahoana ny mitia no mamela heloka.

# Ny mitia dia matoky

(Hebreo 11:6)



## Fampidirana

Efa renao ve ny tantaran' ilay mpandeha ambony tady mihenjana izay namakivaky ny Riandranon'i Niagara nandeha teo ambony tady? Rehefa nampitolagaga sy nahavariana ny vahoaka tamin'ny fahasahiany izy, dia nanontany hoe: "Firy aminareo no mihevitra fa afaka hiampita ny riandrano ambonin'ny tady indray aho, fa amin'ity indray mitoraka ity kosa sady manosika borety misy olona mipetraka eo amboniny?"

Nitehaka ny vahoaka. Nino ny rehetra fa ho vitany izany, kanefa avy eo nanampy ilay mpandeha ambony tady mihenjana hoe: "Iza aminareo no te ho mpitaingina hoentiko ao ambonin'ilay borety?"

Nisy fahanginana lalina. Niatrika ny fahasamihafana lehibe eo amin'ny finoana sy ny fananan-toky ny vahoaka! Zavatra iray ny mino fa ho tafita soa amantsara ambonin'ilay lavaka mangitsokitsoka ilay borety, fa zavatra hafa tanteraka kosa ny fametrahana ny ainao ao anatin'ilay borety sy eo amin'ilay tady. (Morris sell. 1995 *Theses on Justification by Faith*, **p. 47)**

## Famelabelarana

Misedra ny antsoin'ny sasany hoe "krizin'ny fitokisana eo amin'izao tontolo izao" isika. Araka ny lahatsoratra tamin'ny 2015 navoaka tao amin'ny *The Washington Post*, dia tsy

matoky an'iza na iza ny olona amin'izao (indrindra ireo antsoina hoe *Millennials-tanora 18-29 taona*). *Tena zava-dehibe izany*, hoy ny fanadihadiana nataon'ny *Institute of Politics* (Toeram-pampianarana pôlitika) ao amin'ny Oniversiten'i Harvard, fa misy ny tsy fahatokisana ny governemanta, ny Fitsarana Avo ary ny haino aman-jery eo amin'ireo *millenials* (18-29 taona) ireo. Nanambara ihany koa ilay lahatsoratra fa, "Efa manakaiky na efa eo amin'ny farany ambany mihitsy ny fahatokisan'ny fiarahamonina ireo andrim-panjakana." Fa inona no anton'izany tsy fahatokisana izany? "Misy ny fahatsapana fa tsy eo intsony ny harato fiarovana." Mino ny mpanoratra ilay lahatsoratra fa "ny fanafihana tamin'ny 11 Septambra 2001, dia nanazava tamin'ny fomba tena mahery sy mampatahotra fa mety tsy hahavita hanao ny asany mandrakariva ireo voatendry hiaro antsika." Nanjavona ny finoana talohan'ny 11 septambra fa voaaro sy milamina isika.

Miresaka momba ny fitokisana amin' Andriamanitra ny Baiboly. Tena mahaliana ny mahafantatra fa misy teny telo izay mamaritra ny fifandraisana sy fiankinan-doha misy eo amin'ny Kristianina sy Andriamanitra: ny finoana **(*foi*),** izay inoana **(*croyance*)** ary ny fitokisana(confiance). Ny teny hoe *fitokisana* anefa no tena mamaritra tsara ny hevitry ny Baiboly mahakasika ny fiankinana amin'Andriamanitra. Ohatra, na aiza na aiza ahitana ny teny hoe *finoana* **na** *izay inoana* ao amin'ny Soratra Masina, dia azo soloina amin'ny teny hoe fitokisana izany. Hoy ny Baiboly: ***"Minoa an'i Jesosy Tompo dia hovonjena ianao."*** (Asan'ny Apostoly 16:31) Mety ho toy izao koa anefa io andininy io: "Matokia an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao."

Inona ary no atao hoe *fitokisana* ary nahoana no tena manan-danja izany? Ny rakibolana Merriam-Webster.com dia mamaritra ny *fitokisana* hoe: "Ny finoana fa azo itokisana ny olona na zavatra iray." Hoy ny Baiboly ao amin'ny Hebreo 11: 6: ***"Fa raha tsy amin'ny finoana dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka Aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady mpamaly soa izay mazoto mitady Azy."***

Mety hanontany tena ianao amin'izao fotoana izao: Inona no dikan'izany hoe matoky an'Andriamanitra

izany? Midika ara-bakiteny izany hoe manana fanantenana azo antoka fa tena izay lazainy tokoa Izy ary manao izay lazainy fa hataony.

Mahita tantara maro isika ao amin'ny Baiboly momba ny olona nametraka ny fitokisany manontolo tamin'Andriamanitra. Voarakitra ao amin'ny Matio 8: 5–13 ny iray amin'ireo tantara ireo. Milaza io fitantarana manokana io fa, indray mandeha, nanatona an'i Jesosy ny manamboninahitra ambony romanina iray, ka niangavy azy hoe: ***"Tompoko ô, ny mpanompolahiko dia mandry ao an-trano, malemy izy ka mijaly loatra."*** (andininy faha-6)

Rehefa nahita ny fahatsorana tao am-pon'ity miaramila ity ny Tompo, dia namaly azy hoe: "Ho avy Aho hanasitrana azy."

Tamin'io fotoana io no nanehoan'ity miaramila ity fitokisna izay tsy mbola hita hatrizay. *"Tompoko, tsy mendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho; fa mitenena ihany dia ho sitrana ny mpanompolahiko."* (andininy faha-8)

Ary nony nandre izany Jesosy, dia gaga ka nanao hoe: *"Lazaiko aminareo marina tokoa fa mbola tsy nahita finoana lehibe toy izany teo amin'ny Israely Aho."* (andininy faha-10).

Natoky ny teny maherin'i Jesosy ity miaramila romana ity ary nino an-jambany izy fa nanana hery ampy hanaovana ilay fahagagana ny tenin'ilay mpampianatra. Toy izany ihany koa no nitranga tamin'ilay miaramila nanenjika sy nahatratra ny soavalin'i Aleksandra Lehibe. Rehefa naveriny tamin'ilay jeneraly ilay biby, dia nisaotra azy i Aleksandra hoe: "Misaotra, kapiteny".

Niakatra laharana tamin'io teny tokana io ilay miaramila. Rehefa nilaza izany ilay jeneraly dia nino izany ilay miaramila: nandeha niseho teo anatrehan'ny komandy izy, nifidy fanamiana vaovao ary nisalotra izany; Nankany amin'ny tobin'ny manamboninahitra izy ka nifidy fandriana ho azy; Nankany amin'ny efitrano fisakafoan'ny manamboninahitra izy ka nihinana.

Nino izany izy satria ny jeneraly no niteny taminy. Ry tovolahy malala, maniry aho ny mba hananantsika fitokisana mitovy amin'ny nananan'ilay miaramila ary hatoky fa manana hery

hanaovana izay lazainy fa vitany ny tenin'Andriamanitra. Izany no maha-zava-dehibe ny hoe rehefa miteny amintsika Andriamanitra mba hitsangana dia manao izany isika; Rehefa milaza amintsika Izy fa voavela heloka isika, dia aoka isika hanafaka ny tenantsika amin'ny fahatsapan-tena ho meloka. Rehefa lazainy amintsika ny maha-sarobidy antsika dia mino Azy isika; Rehefa milaza Izy fa voavonjy isika, dia aoka isika handevina ny tahotra ananantsika. Ary rehefa milaza Izy fa miahy antsika, dia aoka isika tsy hanahy intsony. (Max Lucado. *He still removes stones*, **Editorial Caribe, Nashville, TN: 1994, p.117.)**

# Famaranana

Kanefa, *tsy afaka matoky tanteraka an' Andriamanitra sy ny teniny isika raha tsy tia Azy. Mba hitiavana olona iray dia tsy maintsy matoky azy ianao.* Mba hahatonga anao ho tia an'Andriamanitra dia tena ilaina ny mahafantatra Azy. Hoy ny filazantsaran'i Jaona: *"Ary izao no fiainana mandrakizay dia ny mahafantatra Anao izay Andriamanitra tokana sady marina sy Jesosy Kristy izay nirahinao."* (Jaona 17:3).

Vokatry ny fitiavana ny fitokisana ary mitombo ny fitiavana amin'ny alalan'ny fifandraisana feno fisakaizana amin'Andriamanitra. Tsy maintsy manorina fifandraisana amin'ny Tompo ianao raha tianao ho mafy orina ny fitokianao Aminy. Tsy maintsy miresaka aminy amin'ny alalan'ny vavaka ianao ary mihaino ny feony isan'andro amin'ny alalan'ny famakiana ny Baiboly; amin'izany fomba izany ihany no hampitomboanao ny fitiavanao Azy ary amin'izay ianao vao hatoky ny Tenany sy ny Teniny.

## Fanontaniana hosaintsainina

1. Inona no atao hoe fitokisana ary nahoana no manan-danja izany?

2. Nahoana no tsy azo atao mihitsy ny mahita sitraka eo anatrehan'Andriamanitra raha tsy misy finoana?

3. Inona no dikan'ny hoe matoky an'Andriamanitra ary ahoana no fomba hanorenana fifandraisana matanjaka feno fitokisana Aminy?

# Ny mitia dia mankatò



(Marka 10:17-22)

## Fampidirana

Fantatrao ve fa nisy ny fotoana tsy nananan'i Etazonia lalàna momba ny seza fiarovana ny ankizy sy ny rafitra fifehezana tao anaty fiara? Mampalahelo fa maro ny ankizy kely tsy tao amin'ny seza fiarovana na tsy nanao fehin-tseza no maty tamin'ny lozam-pifamoivoizana. Amin'izao fotoana izao anefa, mandrara ny ankizy tsy hahazo handeha amin'ny fitaovam-pitaterana mandeha môtera izay tsy misy seza ho an'ny ankizy mitodika amin'ny tokony ho izy sy napetraka araka ny tokony ho izy ny lalàna. Tsy maintsy mametraka ilay seza mialoha ny hitondrana ny zanany hody avy any amin'ny hôpitaly na dia ny reny vao avy niteraka aza.

Amin'ireo fomba fanehoana ny fitiavan'olombelona rehetra, dia inoana fa tsy misy fitiavana madio sy tsara kokoa noho ny fitiavan'ny ray ny zanany. Kanefa, rehefa ny fiarovana ny ankizy no tandindomin-doza, dia hita fa tsy voatery ho ampy mandrakariva ny fitiavan'ny ray aman-dreny. Tsy nanao izay hahasoa sy tsara indrindra ho an'ny zanany mandrakariva ny ray aman-dreny ka maro amin'ireo ray aman-dreny no nila lalàna na famerana mba hahazoana antoka fa tsy ho latsaky ny fitiavana tonga lafatra mihitsy ny fitiavany ny zanany.

Fantatr'Andriamanitra fa toy izany koa ny fitiavantsika sy ny fanoloran-tenantsika ho Azy sy ho an'ny hafa. Fantany fa tsy ampy ny fihetseham-pontsika. Mila lalàna sy famerana isika, amin'ny endrika didy, izay manampy

antsika ho tia Azy sy ny hafa amin'ny fomba feno.

## Famelabelarana

Tsy maintsy tafaray mandrakariva amin'ny fankatoavana ny fitiavana, ary na dia marina aza fa mety hisy ny fankatoavana tsy misy fitiavana, dia tsy hisy mihitsy ny fitiavana tsy misy fankatoavana. Milaza tantara iray izay maneho tsara izany fahamarinana izany ny filazantsaran'i Marka. Milaza ny fitantarany fa, indray mandeha, nisy tovolahy mpanankarena iray nanatona an'i Jesosy, ary niankohoka tamim-panetren-tena teo an-tongony ka nanontany hoe: *"Mpampianatra tsara ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay?"* Io fanontaniana io no fanontaniana manan-danja indrindra eo amin'ny fiainana, ka hiato kely isika noho izany mba hanasongadinana fahamarinana tsotra nefa manan-danja. Nanana hevi-diso momba ny famonjena ilay tovolahy nanatona an'i Jesosy; araka ny finoan'izy ireo, dia vokatry ny asan'olombelona na ny fiezahan'olombelona ny famonjena. Ho azy, ny fiainana mandrakizay no karama omen'Andriamanitra ho an'izay mankatò. Indrisy fa tanora maro no mbola mino izany lainga izany! (Vakio ny Marka 10: 17-22).

Nahoana isika no voavonjy? Mampianatra ny Baiboly fa tsy zavatra azo tratrarina ny fiainana mandrakizay; raisina ho fanomezana izany. Milaza amintsika i Paoly ao amin'ny Efesiana 2:8,9: *"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha."*

Ry sakaiza malala, mifototra amin'izay nataon' Andriamanitra ho antsika ny famonjena, fa tsy amin'izay ataontsika ho Azy. Nila nanova ny fomba fijeriny diso mahakasika ny famonjena ilay tovolahy mpanankarena. Raha te hahazo ny fiainana mandrakizay aho, dia tsy maintsy manadino izay zavatra rehetra nianarako teo aloha!

Mba hitarihana ilay tovolahy mpanankarena sy manam-pahefana amin'ny lalana marina, dia namaly ny fanontaniany i Jesosy, nanao hoe: " Fantatrao ny didy hoe: Aza mamono olona, Aza mijangajanga, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga, Aza manambaka, Manajà ny rainao sy ny reninao'"

Rehefa ren'ilay tovolahy mpanankarena ny valin'ny fanontaniany, dia nitsambikina noho ny hafaliany izy ka

niteny tamin'ny fientanampo hoe: *"Mpampianatra ô, izany rehetra izany efa notandremako hatry ny fony aho mbola kely."*. Fa tamin'izay indrindra anefa, *"Ary Jesosy nijery azy tsara, dia tia azy ka nanao taminy hoe: Diso zavatra iray loha ianao; mandehana, amidio izay rehetra anananao ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia hanaraka Ahy."*

Mety hanontany tena ianao hoe: Inona no nitranga teto? Nahoana no mbola nisy zavatra hafa tsy ampy tamin'ity tovolahy ity izay nankatò ny didy? Inona no tsy ampy? Tsy hitany ny zava-dehibe indrindra!

Momba ilay ny tovolahy mpanankarena sy manampahefana, dia izao no nosoratan'i Ellen White...

*"Novakian' i Jesosy ny tao am-pon' ilay mpanapaka. Diso zavatra iray loha fotsiny izy, nefa foto-kevitra iankinan' ny aina izany. Nila ny fitiavan' Andriamanitra ao amin'ny fanahy izy. Io banga io, raha tsy fenoina, dia hitera-doza ho azy; ho simba ny tenany manontolo. Hahazo hery ny fitiavantena amin'ny alalan'ny fampanaranam-po ny tena. Mba handraisany ny fitiavana an'Andriamanitra, dia tsy maintsy hampileferina ny fitiavany ny izaho."* (E. G. White. Ilay Fitiavana Mandresy, p. 555.)

Ny fitiavana an' Andriamanitra no tsy ampy tamin'ilay tovolahy mpanankarena! Tsy takany fa tsy tokony hisaraka amin'ny fitiavana mihitsy ny fankatoavana! Matetika aho no mandre tanora maro milaza hoe: "Olona tsara aho ary izany no zava-dehibe indrindra." Kanefa marina ve izany? Alaivo sary an-tsaina hoe misy vehivavy iray, mpitondratena mahantra manan-janaka tokana. Mampianatra ny zanany ny fomba tiany hiainany ny fiainany ity renim-pianakaviana ity: hilaza ny marina mandrakariva, hiasa mafy ary ny hanampy ny mahantra. Kely dia kely ny vola raisiny, saingy io vola kely raisiny io no nandefasany an'ilay zanany tany amin'ny oniversite. Alaivo sary an-tsaina hoe rehefa mahazo diplaoma ilay zanany, dia zara raha hiresaka aminy indray; handefa karatra Krismasy ho azy izy indraindray, saingy tsy hamangy azy izy ary tsy hamaly ny antso an-telefaona na ny taratasiny. Tsy hiresaka aminy izy. Fa hiaina araka ny nampianarany azy izy: manao sy milaza ny marina, miasa mafy, ary be fiantrana.

Heverinao fa azo ekena ve izany? Tsia mazava ho azy. Ry sakaiza, tsy ampy ny manaraka lalàna sy didy ary fitsipika fotsiny,

fa ilaina ny manana fifandraisana feno fitiavana amin'Andriamanitra, izay mitondra antsika ho amin'ny fiainana lalina feno fankatoavana. (Namboarina avy tamin'ny Shaped by the Gospel: Doing Balanced, nosoratan'i Timothy Keller, Gospel-Centered Ministry in Your City, Zondervan: 2016, p. 3.)

# Famaranana

Inona no nitranga tamin'ilay tovolahy tao amin'ny tantarantsika? Satriko ny hilaza fa nanaraka an'i Jesosy io tovolahy io! Saingy nifarana tamin'ny filazana toy izao anefa ilay tantara: *"Dia nanjombona terỳ ny tarehiny tamin'izany teny izany, ka niala tamin'alahelo izy, satria nanana harena be."*

Ry sakaiza malala, mety hisy ny fankatoavana tsy misy fitiavana–toynyan'ilaytovolahy mpanankarena – saingy tsy hisy mihitsy ny fitiavana tsy misy ny fankatoavana. Ny mitia dia mankatò. Rehefa nanontaniana an'i Jesosy hoe inona no didy lehibe indrindra amin'ny lalàna, dia nilaza mivantana Izy hoe, *"Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. Izany no didy lehibe sady voalohany."* (Matio 22: 37-38)

Ry sakaiza, ny fitiavana ary ny fitiavana irery ihany no tokony ho fototry ny fankatoavanao, satria hoy ny Baiboly hoe: *"Ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna."*

## Fanontaniana hosaintsainina


1. Nahoana no lazaina fa mety misy ny fankatoavana tsy misy fitiavana, fa tsy hisy mihitsy ny fitiavana tsy misy ny fankatoavana?

2. Inona no lazain'ny Baiboly amintsika momba ny antony hamonjena antsika sy izay nilain'ilay tovolahy tao amin'ny tantara mba hahazoana famonjena?

3. Inona ny didy lehibe indrindra amin'ny lalàna ary nahoana?

# Ny mitia dia miankohoka mivavaka

(Jaona 4: 23)



## Fampidirana

Tao amin'ny dokambarotra iray nandeha vao haingana tamin'ny fahitalavitra, dia nisy tovolahy iray izay nisalasala hoe hiroso amin'ny fanambadiana voalamina ho azy ve sa tsia. Fomba fanao mahazatra teo amin'ny fireneny ny fanambadiana voalamina; rehefa nipetraka tany Amerika anefa izy dia nisalasala hoe hanaraka an'io fomba amam-panao io sa tsia, indrindra satria tsy mbola nihaona tamin'ilay ho vadiny mihitsy izy teo aloha.

Na izany aza, rehefa nandray fiaramanidina nihazo ny seranampiaramanidina ilay tovovavy, dia niandry azy tamimpankatoavana, niaraka tamin'ny voninkazo teny an-tanany sy endrika manjombona teo amin'ny tarehiny izy, kanefa rehefa nahita azy niditra izy dia niova ny zava-drehetra. Hitany fa tena tsara tarehy tokoa ilay tovovavy. Nanjavona tampoka teo ny endrika manjombona teo amin'ny tarehiny. Lasa tsy adidy atahorana intsony ny fanambadiany io tovovavy io, fa fahafinaretana.

Inona no niova? Nahita maso azy izy. (Drew Dyck. Yawning at tigers, Thomas Nelson: 2014, p. 54.)

Ry sakaiza, matetika isika no manompo sy miankohoka amin'Andriamanitra noho ny

fiheverantsika izany ho adidy. Miditra ao am-piangonana isika, manery ny tenantsika hanompo ny hafa, fa tsy ao anatin'izany ny fontsika. Sahala amin'ilay tovolahy teny amin'ny seranam-piaramanidina isika, sady mitondra voninkazo ho an'Andriamanitra. Miezaka ny hiaina fiainana masina isika satria fantatsika fa tsy maintsy atao izany, nefa mavesatra ho antsika izany, ary tsy ataontsika amim-pifaliana.

Ahoana no ahafahana manova izany? Mahita an'Andriamanitra.

Rehefa manana fahitana isika momba ny hoe iza marina Andriamanitra, dia mahatsapa hery lehibe hanatanterahana ny iraka nomeny antsika. Mitsahatra tsy ho asa mandreraka intsony ny fiankohofana rehefa mibanjina ny fahalehibiazany sy ny voninahiny isika. Manjary tsy adidy intsony ny fanompoana sy fiankohofana fa fifaliana rehefa takatsika ny fitiavany lehibe!

## Famelabelarana

Rehefa miresaka isika hoe asa atao ny fitiavana, dia tsy azontsika odian-tsy hita ny resaka fiankohofana satria ny mitia an'Andriamanitra dia miankohoka mivavaka Aminy. Angamba tsy hisy lohahevitra izay mitondra resabe sy hevitra mifanohitra betsaka noho ny resaka fiankohofana sy fivavahana satria, matetika ny olona rehefa miresaka momba ny fotoam-pivavahana dia mirona mankany amin'ny lohahevitry ny mozika. Milaza aminareo aho fa tsy hiditra amin'ny dinika tsy misy fiafarana izay miompana amin'ny fanompoam-pivavahana isika amin'ny toritenintsika androany, fa hijery andininy sasany ao amin'ny Baiboly mampiseho izay ateraky ny tena fiankohofana marina eo amin'ny fiainan'ny mpino. Hifantoka amin'ny andininy telo ao amin'ny Baiboly voarakitra ao amin'ny Filazantsaran'i Matio isika.

Andeha isika hanomboka amin'ny famakiana ny Matio 2:11-12: *"Ary rehefa tafiditra tao an-trano tokoa izy ireo dia nahita ny Zazakely sy i Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany; ary nony efa nosokafany ireo fitahirizan-drakiny dia nanolotra fanomezana ho Azy izy ireo, dia volamena sy zavamanitra ary miora. Nefa rehefa*

*notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy ireo tsy hiverina any amin'i Heroda dia lalana hafa no nandehanany nody ho any amin'ny fonenany."*

Tonga avy any antany lavitra ireo mpanjaka avy any Atsinanana, izay mpandinika ny kintana sy manam-pahaizana momba ny faminaniana, mba hiankohoka hidera Ilay "Mpanjaka" izay teraka. Azonao sary an-tsaina ve ny fotoana lanin'ireo lehilahy ireo tamin'ny diany hihaona tamin'i Jesosy sy hiankohoka Aminy? Vonona ny hiaritra ny lalana sarotra sy ny haratsian'ny toetr'andro izy ireo mba hiankohoka amin'ny Tompo fotsiny. Ary rehefa nahita Azy izy ireo, dia niankohoka teo anatrehany ka nanolotra Azy ny fanatiny sarobidy. Inona no nanjo azy ireo avy eo? Milaza ny tantara fa rehefa avy niankohoka teo anatrehan' ny Tompo izy ireo dia *"... notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy ireo tsy hiverina any amin'i Heroda dia lalana hafa no nandehanany nody ho any amin'ny fonenany."*

Ry sakaiza, tsy hoe te hanampy zavatra fanampiny ao amin'ny andalan-teny ao amin'ny Baiboly aho, fa afaka milaza isika fa izay rehetra miankohoka marina an'i Jehovah dia hody amin'ny "lalana hafa". Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hisy fiovana ny lalana sy antompisiana eo amin'ny fiainanao sy ny fanandramanao arapanahy.

Ny andalan-teny faharoa miresaka momba ny vokatry ny fiankohofana marina dia hita ao amin'ny Matio toko 14:32-33, manao hoe: *"Ary rehefa niakatra tao an-tsambokely izy ireo dia nitsahatra ny rivotra. 33Ary izay tao an-tsambokely dia niankohoka teo anatrehany ka niteny hoe: Marina fa Zanak'Andriamanitra tokoa Ianao."* Milaza ny tantara fa nisy tafio-drivotra mahery nandrahona ny handetika ny sambon'ny mpianatra. Tao anatin'izany tafio-drivotra izany, no nanatonan'i Jesosy azy ireo sady nandeha teny ambony rano; ary nony nahita Azy izy ireo, dia niantsoantso mafy ireo mpianatra izay raiki-tahotra noho ny fiheverany fa matoatoa Izy, fa Jesosy niteny tamin'izy ireo ka nanao hoe: *"Matokia fa Izaho ihany, aza matahotra."* (Matio 14:27). Niditra tao an-tsambokely i Jesosy tamin'izay ary, nitsahatra tamin'ny fomba

mahagaga ny tafio-drivotra, ary nilamina ny ranomasina. Rehefa nahita ny herin'ny Tompo izy ireo, dia niankohoka teo anatrehany ary nidera Azy, fa efa nahita ny fahefan'ny Tompo teo amin'ny tafio-drivotra izy. Nanao ny fanandraman'ny fiadanana izay mihoatra ny fahalalana rehetra izy ireo, ka tsy nisy na inona na inona azony natao afa-tsy ny niankohoka nidera ny Tompo. Niankohoka teo an-tongotry ny Tompo izy ireo, ary tsy nisy fahatahorana intsony, satria efa afaka ny loza.

Eny, ry sakaiza, rehefa mahita ny herin' Andriamanitra isika ka miankohoka Aminy, dia manjavona avokoa ny tahotra sy ny tsy fandriam-pahalemana izay mandrahona ny handrendrika ny fiainantsika. Ny fiadanana izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra no mameno ny fontsika, ary afaka miteny amim-pitokiana isika hoe: *"Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika?"* (Romana 8:31).

Ny andalan-teny farany tiako hozaraina dia avy amin'i Matio manao hoe: *"Nefa indro Jesosy nifanena taminy sady niteny hoe: Finaritra. Ary nanatona izy ireo dia nihazona ny tongony ka niankohoka teo anatrehany."* (Matio 28:9).

Ny Zoma talohan'io tranga io dia nohomboana tamin'ny hazo fijaliana ny Tompo ary rava ny fanantenan'ireo mpanara-dia Azy. Ny fahakiviana sy ny faharesena ary ny fahadisoam-panantenanano nandondona ny varavaran'ny tsirairay tamin'izy ireo. Ny sasany ihany no nijanona teo am-pototry ny hazo fijaliana! Nandositra ny ankamaroany ary namela ny Tompony ho irery! Nalahelo mafy ireo mpianatra, indrindra fa ny vehivavy sasany, nahita ny nitondrana ny fatin'ilay tompony malala tao am-pasana! Ny alahady taorian'ny Sabata, nanapa-kevitra ny handeha ho any amin'io toerana io ireto vehivavy be herim-po ireto, kanefa akory ny hagagan'izy ireo: foana ny fasana! Efa nitsangana i Jesosy ary Izy Tenany no nandeha nivoaka hihaona amin'izy ireo nanao taminy hoe: Finaritra!

Rehefa nahita ny Tompony nitsangana tamin'ny maty ireo mpino mahatoky ireo dia namihina ny tongotry ny Tompo sy niankohoka

teo anatrehany. Teo — teo am-piankohofana teo antongony — no nifaranan'ny fahakiviana sy ny fahadisoam-panantenana. Nidera sy nitsaoka an'ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty izy ireo, satria ny fanandramany izay noheverina ho fahareseny dia niova ho fandresena.

## Famaranana

Inona no nitranga tamin' ireo olon-kendry avy any Atsinanana sy ireo mpianatra ary ireo vehivavy izay nankany amin'ny fasana tamin'ny andro nahitany mivantana an'i Jesosy sy ny heriny ary ny fahefany? Niankohoka teo anatrehany izy ireo ary niova ny fiainany vokatr'izany!

Rehefa mifantoka amin'ny tenan'Andriamanitra sy ny heriny ary ny fahefany ianao, dia ho tia Azy, hiankohoka hidera Azy, ary hiova ny fiainanao vokatr'izany.

Misy teny malaza nolazain'i Ralph Waldo Emerson nanao hoe: "Miova ho lasa toa an'izay hiankohofantsika isika". Raha lazaina amin'ny teny hafa, izay iankohofantsika no mamolavola ny maha-izy antsika.

I Charles Darwin, mpahay siansa momba ny evolisiona, dia voalaza fa nanoratra tao amin'ny tantaram-piainany hoe: "Ny fialam-boliko lehibe indrindra sy ny hany asako mandritra ny andrompiainako dia ny asa siantifika. Tsy midonana-poana na oviana na oviana aho amin'io asa io, satria io ihany no mahatonga ny fiainako ho azo zakaina." (Charles Robert Darwin sy Sarah K. Bolton. Leisure and Culture Magazine, hita ao amin'ny: https://es.paperblog.com/charles-robert-darwin-sarah-k-bolton-5045596/)

Inona ny fiantraikan'ny fanoloran-tena tamin'ny asa siantifika teo amin'i Darwin?

Nanohy nanoratra toy izao i Darwin mandrapahatongan'ny faha-30 taonany: "Ny tononkalo... nanome ahy fifaliana lehibe izany, ary (...) tena nahafinaritra ahy tokoa i Shakespeare... Nefa izao, nandritra ny taona maro (...) hitako fa mankaleo tsy azo leferina izany ka makaloiloy hay... Toa lasa karazana milina mpamboatra lalàna ankapobe avy amin'ny fitambaran'ny zava-misy maro ny saiko. [Ity] fahaverezana [Ity] dia fahaverezan'ny

fahasambarana (...) [Izaho nanjary] "ravina malazo ho an'ny taranja rehetra afatsy ny Siansa" [izay hitany ho "faharatsiana lehibe"]. (Charles Robert Darwin sy Sarah K. Bolton. Leisure and Culture Magazine, hita ao amin'ny:https://es.paperblog.com/charles-robert-darwin-sarah-k-bolton-5045596/)

Diniho indray ny fiainan'ny manampahaizana malaza iray hafa, ny teolojiana Jonathan Edwards. Teo amin'ny faha-19 taonany i Edwards dia nanoratra hoe:

Tapa-kevitra... ny hametraka ny fanahiko eo amin'i Jesosy Kristy Tompo aho, hatoky Azy, ary hanokana ny tenako manontolo ho Azy. (Thaddeus J. Williams. Becoming yourself by mirroring the greatest person in history, "Introduction", Weaver Book Company: 2017.)

Taty aoriana teo amin'ny fiainany, nisaintsaina ny amin'ny fiantraikan'izay niankohofany tamin'ny fanahiny nandritra ny taona maro i Edwards:

[Izy dia nitondra] fahadiovana tsy hay lazaina, famirapiratana, fiadanana ary fahasambarana ho an'ny fanahy. Izany hoe, nanova ny fanahy ho saha maitso na zaridaina. (Thaddeus J. Williams. Becoming yourself by mirroring the greatest person in history, "Introduction", Weaver Book Company: 2017.)

Lehilahy roa samy nanantalenta sy fahaizana. Ny iray lasa "ravina malazo" ary ny iray "zaridaina". Izay niankohofan'izy ireo no namolavola azy ireo ho karazan'olona tena samihafa.

## Fanontaniana hosaintsainina

1. Nahoana isika no afaka milaza fa izay rehetra tena miankohoka midera an'i Jehovah marina dia hiverina hody amin'ny lalana hafa?

2. Inona no mety hitranga raha mahita ny herin'Andriamanitra ka miankohoka eo anatrehany isika?

3. Milazà toko sy andininy ao amin'ny Baiboly iray tianao, izay mampiseho ny vokatry ny tena fiankohofana marina eo amin'ny fiainan'ny mpino.

# Ny mitia dia mizara



(2 Korintiana 5:14)

## Fampidirana

Anisan'ireo tantara mahatalanjona indrindra henoko ny tantaran'i Desmond Doss. Teraka tany Virginia tamin'ny 1919 tao amina fianakaviana sarangan'ny mpiasa iray i Doss, ary niditra tao amin'ny tafika amerikanina nandritra ny Ady Lehibe II. Noho ny faharesen-dahatra ara-pivavahana lalina nananany fa namporisika azy tsy hitana basy mihitsy Andriamanitra, dia niofana ho dokotera izy.

Azonao sary an-tsaina ve hoe manao ahoana izany mandeha miady nefa tsy mitondra basy izany? Niteraka fanesoana sy fanararaotana avy tamin'ny namany ary fanamavoan'ny lehibeny mihitsy aza ny faharesen-dahatra nananan'i Doss, saingy tsy nilefitra tamin'ny fanerena hitondra basy mihitsy izy.

Kanefa, niova ny zava-drehetra tamin'ny Aprily 1945 rehefa niady tamin'ny Adin'i Okinawa, izay ady nandatsa-dra be indrindra tamin'ny Ady Pasifika, ny tarika nisy an'i Doss. Tao anatin'ny ady dia nihazona ny toerany ireo Japoney. Tamin'ny farany, nihemotra ny tafika amerikanina.

Tao anatin'izany fihemorana izany, no nahitan'i Doss ny fatin'ny Amerikanina niparitaka nanerana ny sahan'ady ary fantany fa nisy tamin'ireo no naratra fa tsy maty. Nijanona tany aoriana izy, ary tsy niraharaha ny loza, fa nihazakazaka nankany amin'ny faritra mahafaty, nilanja ireo miaramila naratra nankeny an-tsisin'ny havoana ary nampidina azy ireo samirery ho any amin'ny toerana azo antoka, tamin'ny alalan'ny tady namboariny.

Namerimberina izany asa sarotra izany izy nandritra ny adiny roa ambin'ny folo, mandra-pahazoany antoka tanteraka fa tsy nisy Amerikana naratra intsony tao amin'ilay toby. Rehefa nandao ilay faritra izy tamin'ny farany, dia ain'olona dimy amby fitopolo no voavonjin'i Desmond Doss!

Notolorana ny Medaly Mari-boninahitra avy amin'ny Kongresy i Doss noho ny zava-bitany mahagaga. Taona maro tatỳ aoriana, nanontaniana izy hoe ahoana no nahazoany hery hanohizana hatrany tamin'iny alina iny. Tsotra ny valin-teniny: isaky ny nahavita nilanja lehilahy iray hafa tany amin'ny toerana azo antoka izy, dia nivavaka hoe: "Tompo ô, ampio aho hahita iray hafa".

Ry tanora malala, tahaka an'i Desmond Doss, eo amin'ny sahan'ady izay ahitana olona an-jatony maro mijaly ary vonona ny ho faty isika. Inona no andraikitsika? Miasa mafy ary mivavaka manao hoe: "Tompo ô, ampio aho hahita iray hafa." Ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika dia tokony hitarika antsika hizara ny hafatry ny famonjena.

# Famelabelarana

Amin'ity indray mitoraka ity dia tiako ny hizara aminareo ohatra sasantsasany amin'ny olona izay tsy nety nangina ka nanapa-kevitra, noho ny fitiavana, ny hizara amin'ny hafa ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy; olona toa ahy sy ianao.

***Ny ohatra voalohany*** dia hita ao amin'ny Marka 1: 40-42. Izao no lazain'ny Baiboly amintsika:

*Ary nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy. Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova ianao. Ary niaraka tamin'izay dia niala taminy ny habokany, ka dia nadio izy.*

Hitantsika avy amin'io tantara voalohany io fa nisy lehilahy iray feno habokana nanatona an'i Jesosy. Aoka hotsaroantsika ry tanora fa ny habokana dia fantatra tamin'ny anarana hoe "kapoka" na "rantsan-tanan'Andriamanitra" tamin'ny andron'i Kristy. Ary fantatrao ny antony? Milaza amintsika i Alfonso Ropero, mpampianatra sady mpanoratra, fa aretina maharary sy maharikoriko ny habokana, izay tsy nisy fanafodiny.

Eny, ry tanora malala, voaheloka ho faty ilay lehilahy nanatona an'i Jesosy. Milaza anefa ny Baiboly fa niteny i Jesosy, ary nadio tanteraka ny hodiny. Ilay boka izay voan'io aretina mahatsiravina io dia nahita fanasitranana tao amin'i Jesosy. Inona no nitranga taorian'izay? Andeha hojerentsika ny fiafaran'ny tantara:

*"Ary namepetra azy mafy Jesosy, dia nampandeha azy niaraka tamin'izay ka nanao taminy hoe: Tandremo tsara mba tsy hisy holazainao na amin'iza na amin'iza; fa mandehana, misehoa amin'ny mpisorona, ka manatera ny fanadiovana anao, izay nandidian'i Mosesy, ho vavolombelona amin'ireo.*

*Nefa lasa ralehilahy ka nilazalaza sy nampiely izany zavatra izany, ka dia tsy nahazo niditra miharihary tao an-tanàna intsony Jesosy; fa nitoetra tany ivelany tamin'ny tany foana Izy, dia nanatona Azy ny olona avy eny tontolo eny."* (Marka 1:43-45)

Rehefa nahatsiaro ho sitrana ilay boka, ny zavatra manaraka nataony dia ny nijoro vavolombelona momba ilay mpanasitrana azy. Tsy afaka nangina izy! Nanambara ny momba ilay nahasitrana azy izy!

***Ny ohatra faharoa*** tiako haseho anareo dia hita ao amin'ny filazantsaran'i Marka ihany koa. Ao no voalaza ny tantaran'ny olona iray antsoina hoe demoniaka tao Gadarena. Milaza ny tantara fa nisy lehilahy iray azon'ny legionan-demonia nipetraka tao amin'ny faritr'i Gerasena. (Jereo ny Marka 5: 1-20 ).

Tsara ny manazava fa ny teny hoe "legiona" dia avy amin'ny Romanina, ary manondro miaramila an-tongotra enina arivo sy mpitaingin-tsoavaly fiton-jato. Hitanareo fa voafatotry ny demonia maro ilay lehilahy ao amin'ity tantarantsika ity!

Indray andro anefa, tonga teo amoron-dranomasin'i Gerasena i Jesosy mba hanafaka an'io lehilahy mahantra io. Fahagagana tokoa, fa nandresy ny herin'i Satana i Jesosy ary nanafaka ilay lehilahy tamin'ny herin'ny maizina. Inona no nitranga taorian'izay?

Andeha hojerentsika ny valiny ao amin'ny Marka:

*"Ary rehefa hiondrana teo an-tsambokely Jesosy, dia nangataka taminy ilay demoniaka mba hanaraka Azy. Nefa tsy navelan'i Jesosy izy; fa hoy Izy taminy: Modia ihany any an-tranonao ho any amin'ny havanao, ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon'ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao. Dia nandeha izy ka nitory tany Dekapolisy izay zavatra lehibe efa nataon'i Jesosy taminy; ka dia gaga ny olona rehetra."* (Marka 5:18-20)

Hitanareo ve izany? Rehefa nanao fanandramana ny herin'i Jesosy manafaka ilay demoniaka tao Gerasena dia tsy afaka nangina izy. Nivoaka izy, tahaka ilay boka, ary nanomboka nizara sy nilaza tamin'ny hafa ny zavatra lehibe nataon'i Jesosy teo amin'ny fiainany!

***Ny ohatra fahatelo*** tiako haseho anareo dia hita ao amin'ny Jaona 4: 8-10. Hitantsika ato amin'ity andalan-teny ity ny tantaran'ny vehivavy iray sahiran-tsaina sy menatra noho ny lasany. Tamin'ny andro nafana iray, nandeha hantsaka rano teo amin'ny fantsakana Jesosy, ka nipetraka mba hiala sasatra teo Izy, satria reraka tamin'ny dia. Nisy vehivavy Samaritana iray tonga hantsaka rano teo, ka hoy i Jesosy taminy: *"Mba omeo rano Aho hosotroiko."* Amin'ny maha-Samaritana azy, satria fantany fa Jiosy ilay nangataka rano taminy, dia hoy izy taminy: Ahoana Hianao no Jiosy ka mangataka amiko hosotroina? Tamin'izay i Jesosy, izay tsy iza fa Ilay namorona ny loharano rehetra, no niteny taminy hoe: *«Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra sy Izay miteny aminao hoe: Omeo Aho hosotroiko, dia ianao no ho nangataka taminy, ka nomeny rano velona.»* (andininy faha-10)

Nangataka ny rano velona tamin'i Jesosy io vehivavy sahiran-tsaina io! Teo indrindra, teo amin'io lavadrano io, no nanaovany fanandramana ny herin'ny famelan-keloka sy ny famonjena. Inona no nitranga taorian'izay? Milaza amintsika ny Jaona 4: 28-30 hoe:

*"Dia nandao ny sininy ravehivavy ary nankany an-tanàna ka nanao tamin'ny olona hoe: Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra; Izao angaha no Kristy? Dia nivoaka avy tao an-tanàna ny olona ka nankeo amin'i Jesosy."*

Tsy afaka nangina ilay vehivavy Samaritana, tahaka an'ilay boka sy ilay demoniaka tao Gerasena. Rehefa nanao ny fanandraman'ny herin'ny famelan-keloka izy ireo dia nivoaka ary nijoro vavolombelona momba ny Mpamonjy azy!

# Famaranana

Ry tanora malala, milaza ny Baiboly fa *"ny fitiavan'i Kristy no manery anay"* na, araka ny voalazan'ny dikan-teny hafa dia ny "fitiavana an'i Kristy no manjaka amin'ny fiainanay." Rehefa manjaka amintsika ny fitiavan'ny Tompo dia tsy afaka ny hangina isika, satria ny mitia dia mizara. (2 Korintiana 5:14).

Voalaza fa taorian'ny nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, dia niakatra tany an-danitra Izy ary noraisin'ireo anjely tamin-kafanam-po. Raha nidera azy ny anjely noho ny fandresena azo, dia nanatona ny Tompo ny iray tamin'izy ireo ary nametraka izao fanontaniana izao:

Inona no drafitra anananao hanohizana ny asa natombokao teo amin'ny tany?

Tsy nisalasala Jesosy namaly hoe:

"Navelako teo an-tànan'ny Apôstôly izany. Izy ireo no handeha hilaza amin'ny hafa. Ary ireny hafa ireny hilaza amin'ny hafa indray, mandra-pahafantaran'ny olona rehetra.

Nanontany azy indray ilay anjely hoe:

- Ary ahoana raha tsy mahomby izy ireo? Tsy manana drafitra hafa ve ianao?

Namaly ny Tompo hoe:

"Tsy manana drafitra hafa aho."

Ry tanora malala ô! Tsy misy drafitra hafa. Ny hany drafitra tokana dia ny handehanantsika tsirairay hijoro vavolombelona momba izay nataon'i Jesosy teo amintsika sy ho antsika. Ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika dia tokony hitarika antsika hizara ny hafatry ny famonjena.

## Fanontaniana hosaintsainina

1. Inona no fampianarana omen'ny tantaran'i Desmond Doss momba ny andraikitsika amin'ireo rahalahintsika izay mijaly?

2. Tokony hitondra antsika ho aiza ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika?

3. Nahoana isika no tsy afaka hangina rehefa manjaka amintsika ny fitiavan'ny Tompo?

# Ny mitia dia mahandry

**(2 Timoty 4:6-7)**



## Fampidirana

I Max Lucado, izay Mpanoratra no sady Mpitoriteny, dia milaza amintsika ilay tantara mampihetsi-po izay nitranga taorian'ny horohorontany nanozongozona an'i Armenia tamin'ny taona 1989. Fihetsehana izay tao anatin'ny efatra minitra monja kanefa dia nandrava saika ny firenena manontolo ary nahafatesana olona teo amin'ny telo alina teo ho eo. Fotoana fohy taorian'ilay horohorontany nahafaty olona, dia nihazakazaka nankany an-tsekoly mba hamonjy ny zanany lahy ny raim-pianakaviana iray. Rehefa tonga tao izy, dia nahita ilay trano efa rava. Raha mbola nikaroka tao amin'ireo vato sy korotambato teo izy dia nahatsiaro ny fampanantenana izay nataony tamin'ny zanany lahy: "Na inona na inona mitranga, dia ho eo anilanao mandrakariva aho"

Nentanin'ny fampanantenana nataony ity raim-pianakaviana ity, hitany ny toerana izay nisy ny efitrano fianaran'ilay zanany lahy, ary nanomboka nanala ireo potipotin-javatra teo izy; avy eo dia nisy ray aman-dreny hafa ihany koa tonga teo ary nanomboka nikaroka ny zanany ihany koa izy ireo. Maro tamin'ireo olona izay nanatona teo amin'ilay toerana, izay nahita ny halehiben'ny faharavana no niteny taminy hoe: "Tara loatra", "fantatrao fa efa maty izy ireo. Tsy misy azo atao intsony". Nisy mpitandro ny filaminana iray mihitsy ary nanoro hevitra azy mba hanajanona ny fikarohany an'ilay zanany lahy.

Kanefa dia tsy nilavo lefona ity raim-pianakaviana ity. Lasa ny ora valo, ny ora enina amby folo, lasa ihany koa ny roa amby roampolo ora, ary farany teo amin'ny ora faha enina amby telopolo; dia mbola nanohy ny fikarohany hatrany izy. Vaky ny tanany, ary efa tsy nanan-kery intsony izy, kanefa tsy nanaiky ny hilavo lefona ity raim-pianakaviana ity. Farany, rehefa avy niaritra nandritra ny valo amby telopolo ora izy dia nohesoriny ny rindrina lehibe iray izay hitany teo ary nandre ny feon-janany izy.

Niantsoantso izy, "Armman! Arm!" ary nisy feo namaly nanao hoe, "Dada a, ity aho!" avy eo dia niteny moramora ireto teny ireto ilay zazalahy: "nilazako ny ankizy hafa mba tsy hatahotra, satria raha mbola velona koa ianao, dia ho avy hamonjy ahy; ary rehefa manavotra ahy ianao dia ho avotra ihany koa izy ireo satria nampanantena ahy ianao fa na inona na inona miseho dia ho eo anilako mandrakariva ianao" (Max Lucado. When Christ Come, Nashville, TN, Editorial Caribe: 2000, p. 21.)

## Famelabelarana

Ry tanora zazalahy sy zazavavy, io teny fampanantenana izay nataon' ilay raim-pianakaviana io dia mitovy amin'ny teny fampanantenana izay nataon'i Jesosy. Hoy Izy, *"...ho avy indray ka handray anareo ho any Amiko, ka izay hitoerako no hitoeranareo koa."* Fanantenana mahafinaritra ho an'ny mpino ny fiverenan'i Jesosy fanindroany ary lazaiko aminareo fa feno teny fampanantenana ny amin'ny fiavian'i Jesosy fanindroany ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao. Ohatra, ao amin'ny Testamenta Taloha dia misy toko sy andininy 1845 momba azy io ary boky fito ambin'ny folo no manasongadina azy. (Jaona 14:3; Titosy 2:13-14).

Ankehitriny, amin'ireo toko miisa enimpolo sy roanjato ao amin'ny Testamenta Vaovao dia misy toko sy andininy 318 milaza ny amin'ny fiavian'i Jesosy fanindroany, izany hoe, iray amin'ny andininy 30; milaza io fotoan-dehibe io ny 23 amin'ireo boky 27 ao amin'ny Testamenta Vaovao; ary tamin'ireo faminaniana rehetra mikasika ny fahatongavan'i Kristy voalohany dia misy 8 momba ny fiaviany faharoa. (Paul Lee Tan. Encyclopedia of 7.700 illustrations: Signs of the times, Bible Communications, Inc.: 1996, p. 1239.)

Hanatanteraka ny faminaniana sisa rehetra ny fiverenan'i Jesosy fanindroany. Tamin'ny fiaviany voalohany

Jesosy dia mpanompo nijaly, niaritra fahoriana. Fa amin'ny fiaviany fanindroany kosa dia hiseho amin'ny maha-Mpanjaka Mpandresy Azy Izy. Tamin'ny fiaviany voalohany dia tonga tao anatin'ny toe-javatra farany izay tsotra sy ambany indrindra Jesosy. Fa amin'ny fiaviany fanindroany kosa dia ho avy Izy miaraka amin'ny tafiky ny lanitra eo anilany.

Niandry fatratra ny fahatanterahan'ny fampanantenana ny amin'ny fiverenan'i Jesosy amim-boninahitra ny Kristianina nandritra ny taonjato maro. Iray amin'ireo olona nahatoky niandry ny fiverenan'ny Tompo tamin'ny androny ny Apostoly Paoly. Satria efa ho tapitra ny fiainany sy ny asa fanompoany teto an-tany dia nanoratra ity mpanompon' Andriamanitra lehibe ity:

*"Fa izaho dia efa hatolotra sahady, ary efa mby akaiky ny andro fialako. Efa niady ny ady tsara aho, nahatanteraka ny fihazakazahako aho; nitahiry ny finoana aho; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa."* (2 Timoty 4:6-8)

Niandry tamim-pitiavana ny fiverenan'ny Tompo fanindroany i Paoly. Hatramin'ny ny niandohan'ny fiainany amin'ny maha-Kristianina azy, fony Jesosy nahita azy, nifanena taminy ho any Damaskosy, dia nanomboka niaina tao anatin'ny fiandrasana tsy tapaka io lehilahin'Andriamanitra io. Ny fanomezan-toky nomeny dia ny nanoratany izany indray mandeha ho an'ny mpino tany Tesalonika.

*"Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny amin'izay nody mandry, mba tsy hahalahelovanareo tahaka ny sasany izay tsy mañana fanantenana. Fa raha inoantsika fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran'Andriamanitra izay efa nody mandry tao amin'i Jesosy hiaraka aminy. Fa izao no lazainay aminareo amin'ny tenin'ny Tompo; isika izay velona ka mbola mitoetra mandra-pihavin'ny Tompo, dia tsy mba hialoha izay efa nodimandry tsy akory, fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjeky ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'I Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka*

*aminyho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika. Koa dia mifampionona hianareo amin'izany teny izany"* (1Tesaloniana 4: 13-18)

Voamarikao ve ny fanomezan-toky nataon'i Paoly ny amin'ny fiverenan'ny Tompo? Nino izy fa ho avy Kristy tamin'ny andro nahavelomany (Paoly), izao no nolazainy: izay velona, dia izay sisa tavela mandra-pihavin'ny Tompo! Na izany aza anefa, nandeha ny fotoana ary nanohy nitory sy niasa tsy an-kijanona ho amin'ny fitoriana ny filazantsara i Paoly. Tsy nampihena ny toky nananany ny amin'ny fiavian'ny Tompo ny fandehanan'ny fotoana. Tamin'ny fotoana hafa dia nanoratra ihany koa izy:

*"Indro zava-miafina no ambarako aminareo; tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra, fa vetivety toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra, fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony, ary isika hovana."* (1 Korintiana 15: 51-52)

Tsy nahakivy ny Apostoly Paoly ny fandehanan'ny taona! Isan'andro dia nitombo hatrany hatrany tao am-pony ny fitiavana ny fiavian'i Jesosy fanindroany! Tsy levona ny fanantenany rehefa nandeha ny fotoana fa nihanatanjaka hatrany! Rehefa fantany fa kely sisa ny andro ahavelomany noho ny fanenjehana, dia tamim-pahasahiana sy finoana no nilazany hoe:

*"Efa niady ny ady tsara aho, nahatanteraka ny fihazakazahako aho; nitahiry ny finoana aho; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa."* (2 Timoty 4:7-8)

## Famaranana

Nahoana no nitombo hatrany ny finoan'ny Paoly Apostoly mikasika ny fihavian'i Kristy fanindroany nandritra ny taona maro? Satria tia sy niandrandra ny fiavin'ny Tompo izy. Ry tanora malala, izay tia dia mahandry. Ny mitia ny Tompo dia miandry amim-pahatokiana ny fiverenany amim-boninahitra.

Anio dia manasa anao aho mba hiandry amim-pitiavana ny fiverenan'ny Tompo. Manasa anao aho hangataka amin'Andriamanitra mba hanomana anao amin'ilay

andro hisehoan'i Jesosy eny amin'ny rahon'ny lanitra.

Ny Tompo anie hamela anao hanana toe-tsaina mitovy amin'ny nananan'ireo mpanompon'i Benneth, ao amin'ity tantara izay holazaiko aminao manaraka ity.

I Jill Jones dia nanoratra momba ny mpamoaka gazety amerikanina mpanankarena iray antsoina hoe James Gordon Bennett. Tamin'ny taona 1835 dia nanangana gazety malaza antsoina hoe New York Herald i Bennett. Nanana trano mirentirenty roa tany Paris izy, miampy trano iray tany Frantsa sy "yacht" iray tany Eoropa; nanana trano telo koa izy tany Etazonia, na dia tsy nipetraka teo an-toerana nandritry ny folo taona mahery aza izy dia niomana mandrakariva ny amin'ny andro tsy hampoizina izay mety hahatongavan'i Bennett ireo mpanompo tsirairay avy nipetraka tamin'ireo tranony.

Nanoratra i Jones hoe: "Ny trano tsirairay avy dia misy mpanompo avokoa, izy ireo dia vonona ny hanompo an'i Bennett raha toa izy ka miditra eo amin'ny varavarana fidirana tsy misy fampitandremana, amin'ny fotoana tsy ampoizina: feno hatrany ny trano fitehirizam-bokatra, misy afo mirehitra mandrakariva ao ary efa vonona isan-kalina ny lamba firakotra. (Jill Jones. Eiffel's Tower, Viking Adult: 2009, p. 199.)

Toy izany koa no tsy maintsy hiainantsika: aoka hiandry an'i Jehovah sy hiambina ny tenantsika isika fa amin'ny fotoana rehetra izay tsy fantantsika dia hiverina amin-kery sy voninahitra eny amin'ny rahon'ny lanitra Jesosy

## Fanontaniana hosaintsainina

1. Nahoana no lazaina fa feno fampanantenana ny amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao?

2. Inona no lesona navelan'ny tantaran'i Apostoly Paoly ho anao momba ny fiandrasana ny fiavian'i Jesosy? Hazavao amin'ny fomba fiteninao manokana ny antony ilazana fa izay tia dia mahandry

3. Inona ny toe-tsaina tokony horaisintsika manoloana ny fampanantenana ny amin'ny fiavian'ny Tompo?